


MANAIKY NY LĀLANA

NOMANIN'ANDRIAMANITRA

AMIN'NY ANDRO FARANY

 [Hoy Rahalahy Carl Williams hoe, “Manao ahoana ianao, Rahalahy Branham?”—Mpand.] Manao ahoana ianao, Rahalahy Carl? Tsara. Misaotra anao. [Miresaka amin’ny fiangonana Rahalahy Williams, “Mahazoa toerana ianareo, azafady.”] Mamindrà seza iray hafa. Eny àry. Ahy ve ity? [“Eny.”] Ham! Ity ilay izy.

² Eny, mahafinaritra tokoa ny tafaverina ato an-tranon’ny Tompo, izao hariva izao, ary indrindra ity anankiray ity, satria nanana tombontsoa aho nitokana an’ity tranon’ny Tompo ity, fotoana vitsy lasa izay, rehefa nanorina an’ity toerana ity ny Rahalahintsika sarobidy Sharrit, ary nitokana azy ho an’ny Tompo izahay ho amin’ny Asany. Ary tsara ny ato an-tranon’Andriamanitra amin’ny fotoana rehetra, sa tsy izany? Tena toerana iray tsara hisiana izany.

³ Ary eto amin’ity faritra mangatsiaka ity, izay misy... Tonga eto aho mba hiala amin’ny andro mangatsiaka, nefa niditra tao anatin’izany mihitsy. Hoy aho omaly hariva hoe, “Manantena aho fa tsy nitondra an’izao olana rehetra izao taminareo rehetra.” Eny, fantatrareo, milaza izy ireo fa ny fahavaratra dia maka ny fialan-tsasatry ny ririniny eto. Ary angamba tonga ny ririnina mba hijery an’izany, hahita hoe ahoana no fandehany. Fa tsara ny—ny tonga eto amin’ny fotoana rehetra.

⁴ Efa nanana foana fa—fahatsapana iray ho an’i Phoenix aho, hatramin’ny naha-zazalahy kely. Tiako i Phoenix. Ary Phoenix no toerako voalohany hany nitoriana teny tamin’ny olona izay tsy ny taranaka fotsy hoditra. Indiana izany. Nandeha tany amin’ny faritra arovana aho. Ataoko fa mety misy olona eto izao hariva izao mahatsiaro fony aho nanao fampanantenana tamin’Andriamanitra teo amin’ny lampihazo iray: hoe raha hanasitrana alikaolika iray sy vehivavy voan’ny TB Izy, dia handeha any amin’ireo faritra arovana aho mba—mba hitory teny amin’ireo Indiana. Ary nampahatsiahivin’izy ireo ahy izany. Ary samy sitrana izy roa ireo. Dia nandeha nankany amin’ny Apache Reservation aho, ary nanome fandresena lehibe ho anay ny Tompo tany.

⁵ Tsy azoko eritreretina ny anaran’ily ramatoa izay sitrana

tamin'ny homamiadana tany. Trangan-javatra niavaka iray ilay izy. Mino aho fa misionera izy tany, ny Assemblées de Dieu, ny tsara indrindra tsaroako. Nandeha niaraka taminy izahay, Mitchell. Ary marina izany. Misy olona iray ve eto tany amin'io fivoriana tany amin'ilay faritra arovana io tamin'izany, tamin'io hariva io? Nieritreritra aho. . . Eny. Marina izany.

⁶ Izaho—nihevitra aho fa sarotra ho ahy izany. Izaho—tsy afaka nanao azy ireo hahazo an'izay tiako nolazaina aho. Tsy ho hadinoko mihitsy io hariva io. Nisy ny. . . ela taorian'ny nitoriako teny vetivety, sy nitenenako tamin'izy ireo mikasika an'i Kristy. Nitsangana teo amin'ny tohatr'ilay lalantsaran'ny misiona aho. Ary nanana toerana feno izy ireo, noho izany dia tany ivelany izy rehetra. Noho izany dia niresaka tamin'izy ireo aho. Ary ny zavatra anankiray niavaka, tamin'io hariva io, dia ilay—ilay rahalahy Indiana antitra izay nentin'izy ireo teo ambonin'ny hazo fisaka iray, ary tamin'ny fotoan'ny maraina. Ary izy ireo—kotsa izy ireo, izay nandehanan'izy ireo niampita ny—ny renirano. Niampita an'izany tany, tany ho any, nitondra azy.

⁷ Nanontaniako ilay lehilahy tanora. Hoy aho, “Tsy matahotra ve ianao fa ho voan'ny aretin'avokavoka izy?”

Hoy izy hoe, “Jesosy Kristy no mikarakara ahy. Mitondra ny dadako aho.”

“Tsara.” Hoy aho hoe, “Mino ve ianao fa ho sitrana izy?”

“Eny.”

⁸ Nangovitra izy nohon'ny paralysisa. Tovolahy anankiroa no nitondra azy. Nivavaka ho an'ilay lehilahy antitra aho.

⁹ Afaka kelikely dia nandre zavatra nihiakiaka aho. Nijery aho teo; nametraka an'ilay hazo fisaka teo amin'ny lamosiny manokana ilay lehilahy antitra, nandehandeha, nanofahofa ny olona rehetra. Finoana tsotra hinoana fotsiny, izay ihany no ilain'izany.

¹⁰ Tsaroako tamin'io hariva io, vehivavy Indiana antitra mamy iray, nanana randram-bolo lava nihantona nidina izy. Ary nitondra tehina izy, ary tena vita tsara izy ireo, izy ireo, tahaka ny tahon-kifafa misy silaka hazo fisaka eo an-tampony, tahaka ny roa-sy-efatra, ary avy eo dia nofonosina vorodamba. Ary, raha ny marina, ilay manaraka izay ho avy dia. . . Tao anatin'ilay laharana izy, avy tao anatin'ny tranobe. Saingy nisy zazalahy kely, Indiana tanora, zazalahy kely toa matanjaka. Nihoarany avokoa ny sisa rehetra tamin'izy ireo, mba hidirana tao amin'ny laharana. Ary ilay zavatra antitra mahantra dia niezaka naninjitra ny tehiny. Ary efa nahita fahasitranana roa na telo izy talohan'ny nahatongavany tao amin'ny laharana.

¹¹ Ary nieritreritra aho, rehefa nijery ahy izy, ary ireo ketrona goavana be, lalina, ary ireo ranomaso izay nikoriana nanerana

an'ireo lavaka ireo teo amin'ny takolany, nieritreritra aho hoe, “Renin'olona iray.” Tsy nilaza teny iray taminy mihitsy aho, tsy nivavaka ho azy mihitsy, na inona na inona. Nijery ahy fotsiny izy. Ary rehefa nijery izy, dia natolony ahy fotsiny ireo tehina dia lasa izy, tsotra tahaka an'izany fotsiny.

¹² Miezaka manamboatra ho ahy eto ny zanakolahy. Afaka mandre ahy tsaratsara kokoa ve ianareo tahaka an'izao? Namaky tantara iray aho androany mikasika ny—ny—kisoa iray nentina nankeo amin'ny fitoerana masina, ary ataoko fa efa voamarikareo. [Misy manitsy ny fanamafisam-peon-dRahalahy Branham—Mpand.] Ankehitriny, toa tsaratsara kokoa izany, na ahoana na ahoana. Izany no fandehan'ny fiainana. Misy vona betsaka ao anatin'izy ireo na ahoana na ahoana, sa tsy izany?

¹³ Ankehitriny dia mitsangana ny olona, ary—ary izahay tsy—tsy te-haka fotoana betsaka noho izay azonay atao izahay. Ary olona tena mahafinaritra ianareo, hany aho ka—te-hiresaka ela aminareo fotsiny aho.

¹⁴ Ary eto izahay ankehitriny mamangy ny Full Gospel Business Men's Fellowship. Ary ilay tena fivoriana dia atao any amin'ny Ramada, manomboka amin'ny tapany farany an'ny . . . Ndao jerentsika, inona ilay daty? [Hoy ny rahalahy iray hoe, “Efatra amby roapolo.”—Mpand.] Efatra amby roapolo. Fahafatra amby roapolo hatramin'ny fahavalo amby roapolo, any amin'ny Ramada Inn. Ary hisy mpiresaka mahafinaritra sasany any, Rahalahy Oral Roberts sy ny maro hafa. Ary izaho . . . Manana fotoana tsara foana izahay. Izany, rehefa tonga miaraka tahaka an'izany ny olona, dia manana fotoana mahafinaritra izahay any amin'io Ramada Inn io.

¹⁵ Mety hanao asam-panasitranana iray izaho sy Rahalahy Oral any. Tsy afaka hiteny ianareo. Ho tsara mihitsy izany. Hia. Noho izany—noho izany izahay—tsy mbola nanana anankiray niaraka mihitsy izahay. Tsy fantatro izay hoeritreretiny mikasika ny hananana anankiray, izaho sy izy miaraka, fa vonona aho. Raha afaka hahazaka ahy izy, nahoana, hanandrana izahay, ary avy eo dia hivavaka ho an'ny olona marary.

¹⁶ Ary tsy nanao asam-panasitranana izahay, raha nahamarika ianareo. Tsy nizara karatra fangataham-bavaka izahay na inona na inona, nohon'ny fahafenoan'ireo fiangonana kely, fantatrareo. Ary ny olona, zara ianareo raha afaka mampiditra sy mamoaka ny olona. Ary avy eo rehefa manao ianareo, dia miteraka fivangongoana mifangaro izany, ka tsy hankasitraka an'izany ny mpamono afo. Noho izany dia somary navelanay fotsiny ireo asam-panasitranana hatramin'izao tao amin'ireo fivoriana, ary niezaka nitondra Hafatry ny Filazantsara tsotra, kely iray fotsiny. Ho . . . Ary ny fanatrehanareo, sy ny fiarahamiasanareo amiko, ary ny vavakareo ho ahy, dia mamporisika

ahy ho eto. Ary manantena aho fa ireo hafatra kely dia mamporisika anareo hanohy, hiaina ho an'i Kristy.

¹⁷ Ary voamariko, imbetsaka, fa ny olona dia avy amin'ny fiangonana iray mankany amin'ny iray hafa. Ary izany no manao antsika rehetra hifankahafantatra tsara, ary—ary isika fotsiny dia lasa tahaka ny...tena mpinamana. Tiako izany. Afaka miara-mipetraka eto koa isika, ao amin'ireo toeran-Danitra, satria handeha ho any amin'io karazana toerana iray io isika izay hiarahantsika ao amin'ireo toeran-Danitra, any An-danitra.

¹⁸ Nisy fitsikerana kely azoko tao amin'ny taratasy nalefa paositra indray andro. Mety hampita an'izany aho raha mbola somary mampahazo aina kely anareo izahay. Ny mpitoriteny rehetra dia mahafantatra, tsy maintsy milaza zavatra iray hafa ianareo, somary hampifankahazatra ny tenanareo amin'ny mpanatrika, ary ny mpanatrika aminareo. Nisy ny... .

¹⁹ Nisy mpandraharaha iray namoaka an'ilay lahatsoratra tao amin'ny...ny *Business Men's Voice*, ny—ny amin'ny kely... . Heveriko fa isika dia hiantso azy fotsiny hoe fahitana iray. Ary iray hafa kely izany, mazàna, amin'ireo fahitana izay azoko. Izaho dia... . nentina avy teo amin'izay nisy ahy, niakatra. Toy ny hoe, tsy toy ny hoe lavitra loatra noho ny tafon'ity trano ity ilay izy amiko. Ary tany amin'ny toerana iray hafa aho izay nahitako an'ireo rehetra efa lasa. Maro aminareo no efa namaky an'ilay lahatsoratra, mazava ho azy. Ary tao, rehefa avy niteny tamiko Izy fa izy ireo dia... . iza izy ireo, ary tanora indray izy rehetra. Ary izy ireo dia tena... .

²⁰ Natahotra ny ho faty foana aho. Tsy natahotra hoe ho very aho, fa tsy te-ho fanahy iray aho. Izaho fotsiny... . Te-ho olombelona iray aho, olona iray. Satria, azoko foana amin'ny maha-olona iray, mandray ny tànan'olona. Nieritreritra aho hoe, “Ahoana moa raha tonga any aho ka hihaona amin-dRahalahy Rose, ary ho rahona kely, fotsy iray izy na zavatra iray? Fantatro fa Rahalahy Rose ilay izy, amin'ny alàlan'ny taovampanamboloana iray hafa, saingy tsy afaka handray ny tànan'ny aho. Tsy afaka hiresaka aminy aho. Na... .” Izaho—manontany aho hoe, “Tsy hahatsiravina ve izany?” Fa, nieritreritra aho hoe, “Avy eo rehefa niverina aho, mazava ho azy, dia hahazo fitsanganana iray aho.”

²¹ Tsy mbola tonga tao an-tsaiko mihitsy ity Soratra ity tany aloha, hoe, “Raha ravàna ity tabernakelin'ny tany ity, dia manana anankiray efa miandry isika.”

²² Noho izany tamin'io maraina io, dia nifoha aho. Nieritreritra aho hoe, “Ry tovolahy, dimampolo taona ianao. Raha hanao zavatra ho an'ny Tompo ianao, dia tsaratsara kokoa aminao ny manao haingana. Ho antitra loatra ianao, afaka kelikely.”

²³ Ary tampoka teo, dia nakarina nankao amin'io toerana io aho, ary afaka nitodika tany aoriana ka nahita ny tenako teto

ambany teto. Mbola tsy nanana an'izany fahatsapana izany mihitsy aho. Imbetsaka aho no nahazo fahitana nahita ny tenako nitsangana tany ho any, ary avy eo . . . Oh, raha tsy azonareo izany, dia hihevitra ianareo fa nahavery ny sainareo ianareo. Ianareo—ianareo dia *eto*, mandinika ny tenanareo *etsy*. Ary avy eo dia miala *eto* ianareo, dia ao anatin'ny tenanareo *etsy*. Ah-hah. Mety ho tany aoriana lavitra izany, taona maro tany aloha, sy ny sisa. Sarotra hazavaina izany, ianareo tsy, tsy afaka manazava an'izany ianareo.

²⁴ Tsy afaka manazava an'Andriamanitra ianareo. Tsy maintsy mino Azy ianareo. Hitanareo? Raha afaka hanazava an'izany ianareo, amin'izay fotoana izay dia tsy finoana intsony izany. Tsy maintsy mino an'izany fotsiny ianareo.

²⁵ Ary rehefa avy niteny tamiko Izy, nahita an'ireo olona rehetra ireo, ary izy ireo dia . . . Nanana vatana izy ireo. Izy ireo . . . Tsy nety nisy fahotana tany. Ireo lehilahy sy vehivavy . . . Namihina ahy ireo vehivavy ireo, ary vehivavy izy ireo. Saingy tsy mety nisy fahotana intsony indray, satria, hitanareo, hovaina ireo glandin'ny vatantsika any. Manana isika . . . Fananahana samihafa isika ankehitriny, satria ho an'ny famokarana indray an'izao tontolo izao izany, ary ny—ary ny fanambadiantsika mba hahazoana zanaka. Fa avy eo dia tsy hisy ilàna an'izany intsony. Tsy hisy zaza teraka intsony. Tsy hanana glandim-pananahana isika ao amin'ilay tontolo vaovao, hitanareo, tsia mihitsy. Fa, kanefa, ny vehivavy dia ho vehivavy, amin'ny tsanganana. Ary ho toy izany koa ireo lehilahy dia ho lehilahy. Fa tsy hisy lahy na vavy intsony eo anivon'izy ireo, ao amin'izany fanao izany. Ary tsy ho ao intsony ireo glandy ireo, noho izany dia tsy hisy fomba mihitsy hany hilalaovan'i Satana fitapitaka iray hafa amin'izy ireo.

²⁶ Noho izany, tao amin'izany dia voamariko fa nihazakazaka ireo vehivavy ireo ary nanipy ny sandriny nanodidina ahy, ary nanao hoe, “Ny anadahy malalanay, faly aho fa eto ianao.” Ankehitriny, nahagaga izany. Izy rehetra ireo, tanora, ny rehetra dia vehivavy tsara tarehy indrindra, volo lava, akanjo lava, fantatrareo, tahaka ny akanjo lava, akanjo lava landy fotsy. Ary tsara tarehy toy ny ahoana izy ireo!

²⁷ Avy eo dia tonga ireo rahalahy, izao fotsiny . . . Ary ny lehilahy tsara tarehy indrindra hany hitako, toy ny hoe teo amin'ny roapolo taona teo izy rehetra ireo. Ary ny mason'izy ireo, namirapiratra. Izy ireo, oh, tena lehilahy mihitsy izy ireo. Dia nanontany aho. Ary nandray ahy izy ireo ary namihina ahy ka nanao hoe, “Ny rahalahy malalanay.”

²⁸ Nanontany aho hoe ahoana . . . Nijery tany ambany aho ary afaka nahita ny tenako *teto*, kanefa, nandry. Eny, ankehitriny, nieritreritra aho hoe, “Hafahafa izany.” Ary avy eo dia nanontany aho.

²⁹ Nisy vehivavy iray tena maha-te-ho tia nanatona, nanipy ny sandriny nanodidina ahy, nanao hoe, “Oh, Ranadahy Branham, tena faly izahay fa eto ianao, ry ranadahy malalanay.”

³⁰ Nijery azy aho, raha lasa izy. Ary io Feo izay niresaka tamiko io, dia nanao hoe, “Tsy fantatrao ve izy?”

Hoy aho hoe, “Izaho—tsy fantatro.”

Hoy Izy, “Nihoatra ny sivifolo taona izy fony ianao nitarika azy teo amin’i Kristy.”

³¹ Ary teo izy, ilay zavatra tsara tarehy indrindra izay nojereko, araka ny maha-vehivavy iray. Dia hoy aho hoe, “Tsy mahagaga raha hoy izy hoe ‘Ranadahy sarobidy.’” Hitanareo? Ankehitriny dia tsy afaka miova intsony izy. Tahaka an’izany Mandrakizay izy.

Hoy aho hoe, “Te-hahita an’i Jesosy aho.”

³² Hoy Izy, “Any amin’ny avo kokoa noho ity Izy. Indray andro any dia ho avy Izy, ary hotsaraina amin’ny alàlan’ny Filazantsara izay notorianaio ianao, satria ianao no mpitarika.”

Hoy aho hoe, “Eny, tsy maintsy hotsarain’ny vondrony ve i Paoly?”

Hoy Izy hoe, “Eny.”

Hoy aho hoe, “Nitory ny Filazantsara iray ihany izay notorianaio aho. Arak’izay nilazany Azy marina tokoa, dia tahaka an’izany no nilazako Azy.”

³³ Ary feo an-tapitrisany no niantsoantso hoe, “Eo amin’izany no itsaharanay.”

³⁴ Avy eo dia nisy zavatra hafahafa nitranga. Izaho taloha dia nanana soavaly kely, misy lasely, ary izaho—izaho dia niantso azy hoe Prince. Ary toy ny ahoana no nitiavako an’io soavaly antitra kely io. Nitaingina azy isa-maraina aho taloha, alohan’ny sekoly, nanamarina an’ireo fandriko. Ary hitako io soavaly antitra kely io nanatona ahy, ary nametraka ny lohany teo amin’ny soroko, ary nanao feon-tsoavaly. Ary nokapokapohako izy. Hoy aho hoe, “Prince, fantatro fa ho eto ianao.” Ary nahatsapa zavatra nilelaka ny tànako aho. Ny alikako antitra mpihaza ilay izy. Izy no nahafahako nandeha tany an-tsekoly, nividy an’ireo akanjoko, nihaza. Hoy aho hoe, “Prince, na, Fritz, fantatro fa ho eto koa ianao.”

Avy eo dia nahatsapa aho fa nisy zavatra nitranga. Niverina aho.

³⁵ Voasoratra tao amin’ny *Christian Business Men’s Voice* izany. Ary nanoratra tamiko ny mpitory teny iray indray andro. Hoy izy hoe, “Nankasitrahako ilay fahitana, Rahalahy Branham. Tena nety tsara ilay izy rehetra mandra-panononao an’ireo soavaly. Natao ho an’ny olombelona ny Lanitra. Tsy misy an’izany karazana soavaly izany any An-danitra.”

³⁶ Eny, hoy aho, namaly azy aho. Hoy aho hoe, “Rahalahy, tsy nilaza mihitsy aho hoe tany An-danitra aho. Nanontany aho hoe taiza i Jesosy, ary mbola tany ankoatra tany Izy.” Hoy aho hoe, “Fa raha mety hanampy kely anao ilay izy, ny Bokin’ny Apokalypsy, izao no voalaza hoe, ‘Rehefa nandao ny Lanitry ny lanitra i Jesosy, dia nitaingina soavaly fotsy iray Izy.’ Ary ny tafiky ny Lanitra rehetra nanaraka Azy, nitaingina soavaly fotsy. Hitanao? Noho izany dia avy any amin’ny Lanitry ny lanitra izany.”

³⁷ Ary ny nanao ahy hahatsapa ho tena tsara, rehefa nanomboka niverina aho, dia Izy nanao hoe, “Izay rehetra hany tianao, sy izay rehetra hany nitia anao, dia nomen’Andriamanitra anao.”

³⁸ Andro mampiratra iray, eo amin’ily ilany hafa, ho hafa izany. Tsy afaka fotsiny aho...Tsy ho vitanareo fotsiny, ry olona, ny ho diso an’io toerana io. Aza manao an’izany. Na inona na inona ataonareo, dia ataovy...Aza matahotra. Tsy ilaina ny matahotra. Tsy misy na inona na inona hatahorana.

³⁹ Oh, rehefa nieritreritra ny hiverina aho, dia nanao ahy halahelo izany. “Tsy maintsy hiverina indray ve aho? Tsy maintsy hiverina ve aho, any amin’izay natahorako hisy ahy?” Hitanareo? Ary avy eo rehefa tonga eo amin’ny vatana natsangana isika, amin’izay fotoana izay dia hihinana sy hisotro isika. Tsy nihinana sy nisotro izy ireo. Tsy nila nihinana sy nisotro izy ireo. Tsy nandeha na taiza na taiza izy ireo, ary tsy reraka izy ireo. Izany fotsiny dia...Tsy misy teny azoko hampiasaina. Tanteraka izany; tsy hahavita azy izany. Any ankoatran’izay antsoiko hoe tanteraka izany. Izy ireo—tonga fotsiny izy ireo, izay ilay izy, tany—tany amin’io toerana io, ary nahafinaritra izany.

⁴⁰ Noho izany, oh, henoy, ry sakaiza. Izaho—heveriko fa ao amin’ny saiko tsara aho, ary izaho—izaho—fantatro fa toa hafahafa ilay izy. Saingy tsy afaka mihitsy aho, ary tsy nanandrana mihitsy, ny hanazava tamin’ny olona an’ireo zavatra ireo. Zavatra maro izay...Any ankoatran’ny fanazavana izany. Ary hanakorontana ny sain’ny olona fotsiny ianareo. Fa raha afaka aho, ary nahatsapa ny hanao an’izany, dia ho nampatahotra izany.

⁴¹ Fa mariho izao. Milaza an’izao aho. Aza matahotra. Ny fahafatesana dia kalokalom-borona iray fotsiny, miezaka hihazona anareo ho lavitry ny zavatra iray. Oadray, tena be voninahitra izany! Any ankoatran’ny zavatra rehetra izay azonareo eritreretina izany. Tsy mahagaga raha hoy ny Baiboly hoe, “Tsy mbola hitan’ny maso, tsy mbola ren’ny sofina, na niditra tao am-pon’ny olona no efa namboarin’Andriamanitra ao amin’ny fitehirizana ho an’ireo izay tia Azy.” Oh, ny mijery fotsiny any ankoatr’ily lamban’efitry ny fotoana! Noho izany,

dia niezaka mafy kokoa noho ny tany aloha aho teo amin'ny fiainana, mba hiezaka hahazo olona ho an'i Kristy, hatramin'io. Tsy vitanareo atao ny ho diso an'izany. Aza manao an'izany. Aoka hahazo antoka fa mahitsy amin'Andriamanitra ianareo, ary hety tsara ireo zavatra hafa.

⁴² Ankehitriny, manana naoty vitsivitsy fotsiny aho voasoratra eto, izay noheveriko fa horesahako kely fotsiny izao hariva izao. Ary heveriko fa rahampitso hariva izahay dia ho any, eo amin'ny roapolo mailly miala eto, na mihoatra. Mesa, mino aho fa izay ilay izy. Mesa. Mesa ve izany? Mesa. Ary avy eo ny hariva manaraka dia any Tempe, Tempe. Ary manana ny fandaharam-potoana aho ato am-paositiko eto, avy amin'ny gazety izay nomen-dRahalahy Williams ahy. Saingy, tena sahirana aho, tsy mbola nojereko mihitsy ilay izy. Tonga ary maka ahy fotsiny i Billy, ka nanao hoe, “Handeha any amin'izao-sy-izao ary izao-sy-izao isika,” dia indro izahay mandeha. Avy eo dia tonga eto aho, ary miezaka hanakenda ahy izy.

⁴³ Ankehitriny, mahatsapa ho tena mpivavaka ve ny olona rehetra? Manaova, “Amena,” raha mahatsapa ianareo. [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.] Tena tsara. Tsara izany. Ankehitriny, ndao isika hanondrika ny lohantsika ankehitriny.

⁴⁴ Satria, isika dia manana fotsiny, ny toetrantsika mampihomehy kely sy fanehoantsika. Ankizy isika, ary mivory isika ka miresaka tahaka ny ankizy. Ary isika . . . Andriamanitra aza dia manana toetra mampihomehy, fantatrareo.

⁴⁵ Noho izany dia ndao isika hanondrika ny lohantsika ankehitriny ka hiresaka Aminy alohan'ny hamakiansika Ny Teniny. Raha mbola manondrika ny lohantsika isika, dia misy ve ato ireo izay manana fangatahana ho an'ny vavaka? Aoka ho fantatra amin'ny alàlan'ny tãnanareo mitsangana izany. Andriamanitra hitahy ianareo. Ndao isika hanondrika ny lohantsika ankehitriny.

⁴⁶ Ry Rainay any An-danitra, miditra ao amin'Ny Fanatrehanao izahay ankehitriny raha manondrika ny lohanay sy ny fonay amin'ny fanetren-tena. Manatona amin'ny finoana izahay, any ankoatry ny volana sy ny kintana, mankeo amin'ny Seza fiandrianan'Andriamanitra, amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy, satria azonay antoka fa raha tonga amin'Ny Anarany izahay dia hihaino anay Ianao. Ho ekena izahay ao amin'Ny Fanatrehanao amin'ny alàlan'Ny Anarany. Tombontsoa iray toy ny inona izany, ny mahafantatra fa ekena izahay ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra, amin'ny alàlan'ny Anaran'i Jesosy Kristy.

⁴⁷ Ary Izy no niteny taminay, Ray, hoe na inona na inona nangatahinay tamin'Ny Anarany, dia Ianao, amin'ny Famindramponao sy ny fahasovan'ao betsaka, no hamela ny fahotanay ka hanome anay ny fanirianay. Ray, tena faly

izahay ny amin'izany. Tsy misy zavatra hafa azonay eritreretina, izay ho tombontsoa ambony kokoa, noho ny manana an'izany tombontsoa izany.

⁴⁸ Tombontsoa iray ho anay olom-pirenena Amerikana ny manatona ny filohanay. Ary ny hany tokony hataonay, hahatongavana, ahafahana manatona ny filoha mandritra ny fotoana fohy fotsiny, mba haka fotoana iray amin'ny fandaharam-potoany feno. Tsy maintsy handalo amin'ireo birao izahay, ary—ary amin'ny fomba rehetra, mba ho tonga, sy tsy maintsy milaza ny antonay, ary—ary tsy maintsy zahana alohan'ny hanananay an'izany tombontsoa izany.

⁴⁹ Fa, ny mieritreritra an'izany: ilay Andriamanitra, Mpamorona ny lanitra sy ny tany, dia miandry anay hanatona. Izahay, mpanota tsy mendrika, miandry anay hanatona amin'ny Anaran'i Tompo Jesosy Izy, miaraka amin'ny antoka fa ho ekena ho anay izay angatahanay, raha afaka mino fotsiny izahay fa hahazo. Noho izany, dia mandinika tsara mihitsy an'ireo fangatahanay izahay ary mahafantatra fa tsy hiteny am-pahadalana na hangataka am-pahadalana izahay. Ary raha nanao izahay, dia mangataka Anao izahay hamela anay, Tompo.

⁵⁰ Ary mangataka famindrampo ho an'ny tsirairay avy amin'ireo tànana izay nitsangana ireo izahay izao hariva izao. Enga anie ho ekena ho azy ireo ny fangatahanay, Tompo. Enga anie izy ireo hahatsapa antoka ao am-pony izao ankehitriny izao, hoe, raha mbola ao amin'Ny Fanatrehanao izahay, ka, rehefa manokatra ny masonay izahay ka mampitraka ny lohanay avy amin'ny vovoka, izay Nandasiranao anay, dia eng azie izahay hahatsapa an'io antoka mifikitra io hoe efa nekena ho anay izay nangatahanay.

⁵¹ Hangataka izahay ho an'ireo, Tompo, angamba ato amin'ny tranobe izao hariva izao, izay tsy mbola niditra tao amin'Ny Fanatrehanao mihitsy, tamin'ny alàlan'ny vavaka, mba hangataka famelàna ny fahotana, eng azie ho ity no hariva izay hisy zavatra iray voalaza, na zavatra iray vita, na ny asan'ny Fanahy Masina izay hanao ny fon'izy ireo hangovitra ka hangataka an'izany fahasovan'ny famelàna izany.

⁵² Sitrano ny marary. Tompo, mivavaka izahay mba Hanekenao ho azy ireo, izao hariva izao, ny antoka fa efa ivavahana ny vavaky ny finoana ankehitriny. “Ary izany no hamonjy an'ilay marary.” Satria afaka hilaza izahay, ary hanampy an'ity, hoe izany no HOY NY TOMPO HOE, satria voasoratra ao amin'ny Tenin'ny Tompo izany.

⁵³ Ankehitriny, Ray, dia mivavaka izahay mba Hitahiana ho an'ireto hevitra kely ireto izay nomanina eto androany ho an'Ny Teninao. Misintona foto-kevitra iray avy amin'ity famakiana ity mankany amin'ny fo tsirairay. Ary raha diso aho amin'ny fomba rehetra, Tompo, ka tsy nahazo ny hosotry ny Fanahy Masina,

dia enga anie Izy ao amin'ny fahasoavana Masina handeha hiaraka amin'ny Teny ka hametraka an'Izany ao am-po izay tokony hisy Azy. Ary enga anie izahay izao hariva izao habita ny tanaan'ny Tsitoha mivelatra manerana an'ity tranobe ity, ary manao zavatra izay ho betsaka sy mihoatra ankoatr'izay rehetra azonay atao na eritretina. Rehefa miala izahay izao hariva izao ka mody any amin'ireo tranonay samihafa, dia enga anie izahay ho afaka hilaza tahaka an'ireo izay avy tany Emaosy hoe, "Tsy nangorakoraka tao anatintsika ve ny fontsika, raha niresaka tamintsika Izy teny an-dàlana?" Fa mangataka an'izany amin'Ny Anarany izahay. Amena.

⁵⁴ Ankehitriny, olona maro no somary mandray naoty, ary ny lahateny izay ampiasain'ny mpitoriteny iray. Ary izaho, raha tianareo ankehitriny, dia tiako ny hamaky toerana roa ao amin'ny Soratra Masina. Izany dia, ao amin'ny Genesisy ny toko faha-22, no handehanantsika sy vakiantsika voalohany. Ary avy eo ao amin'ny Masindahy Jaona 12:32, hamaky ny tapany faharoa amin'ny Soratra isika. Ankehitriny, ao amin'i Jaona. . . Ao amin'ny Genesisy 22, manomboka amin'ny andininy faha-7-n'ny toko faha-22 isika.

Ary Isaka niteny tamin'i Abrahamana rainy, ka nanao hoe, Ry ikakiko: dia hoy izy, Inty aho, ry zanako. Ary hoy izy hoe, Indro ny afo sy ny kitay: fa aiza ny zanak'ondry ho an'ny fanatitra dorana?

Ary hoy Abrahamana hoe, Ry zanako, Andriamanitra no hanomana ho an'ny tenany zanak'ondry iray ho an'ny fanatitra dorana: dia niara-nandeha izy roa.

⁵⁵ Ary ankehitriny ao amin'ny Masindahy Jaona 12:32, mamaky an'ireto Teny avy eo amin'ny molotry ny Tompontsika ireto isika.

Ary izaho, raha asandratra hiala amin'ny tany aho, dia hitaona ny olona rehetra hanatona ahy.

⁵⁶ Ary ankehitriny ho an'ny lahateny iray izay tiako horesahina, eo amin'ity, dia, "Manaiky ny làlana nomanin'Andriamanitra ho an'ny andro farany." Mamelà ahy hanonona an'izany indray, satria, ao amin'ny horonam-peo, mino aho fa manao horonam-peo an'ireto Hafatra ireto izy ireo, ary amin'ireo horonam-peo izay anananay, lahateny dimanjato eo izay heveriko fa efa notoriako, dia manana zavatra mitovitovy amin'izany izy ireo, saingy tsy mitovy marina tokoa. *Manaiky Ny Làlana Nomanin'Andriamanitra Amin'Ny Andro Farany.*

⁵⁷ Fantatrareo, misy làlana maro izay—izay arahin'ny olona, fa raha ny marina dia làlana roa ihany no azon'ny olona andehanana, izany dia, ny làlana tsara sy làlana ratsy. Ary isika rehetra eto, izao hariva izao, dia eo amin'ny iray amin'ireo làlana ireo, ilay anankiray tsara na ilay anankiray ratsy. Tsy misy tany antenantenany. Hoy Jesosy hoe, "Tsy mahay

manompo an'Andriamanitra sy *mamôna* ianareo,” midika hoe, “izao tontolo izao.” Na marina isika na diso.

⁵⁸ Ary ankehitriny raha hiala fotsiny amin'ny lâlantsika manokana isika, dia izany ihany no fomba ahafahantsika miditra ao amin'ny lâlana Andriamanitra. Ary Andriamanitra dia nanomana lâlana iray ho an'ny zavatra rehetra. Izy no nanomana ny lâlana. Ary ny mahatafiditra antsika ao anatin'ny olana, dia ny tsy fanarahana an'izany lâlana izany, ary—ary manatsofoka ny lâlantsika manokana ao anatin'Izany. Ary manao famadihana iray izany. Ary ny zavatra rehetra izay voavadika dia—dia tsy azo ianteherana. Noho izany, dia manana lâlana iray Andriamanitra. Ary ndao jerentsika fotsiny ny sasany amin'ireo Lâlany.

⁵⁹ Ndao isika haka zavatra iray ao amin'ny natiora. Satria, ny natiora no Baiboliko voalohany. Fantatro fa Andriamanitra dia Mpamorona iray, ary Izy no namorona ny natiora. Ary miaina ao amin'ny Zava-boahariny Izy, ao amin'ny natiora.

⁶⁰ Ndao alaintsika, ohatra, ny hazo. Vao avy nijanona teo ambanin'ny anankiray aho, fotoana vitsy lasa izay tany, na i Billy no nijanona, ary ireo rantsana teo aminy. Ary voamariko fa nilatsaka ireo ravina. Ankehitriny, isika dia tsy afaka mihitsy, ary tsy ho afaka mihitsy, hahita fomba tsara kokoa hanafenan'ny hazo iray ny ainy mandritra ny ririnina, noho ny fomba nomanin'Andriamanitra hanafenany ny ainy.

⁶¹ Ankehitriny, ahoana moa raha nanandrana nanamboatra fomba hafa noho ny fomba mahazatra nomanina ho an'ilay hazo isika? Ahoana moa raha isaky ny Aogositra na Septambra, indrindra any amin'ny tany izay nihaviako, any Avaratra, raha tsy maintsy handeha any amin'ny saham-paoma isika ka haka karazana fi—fitaovana iray ary hametraka an'izany ao anatin'ilay hazo, saiky eo amin'ny Aogositra aorian'ny fahasahan'ireo paoma, ka manaisotra ny aina avy amin'ilay hazo ary mitondra an'izany ao anatin'ny toerana mafana tsara iray, sy mitahiry an'izany mandritra ny ririnina, ilay aina, ain'ny tsiron-kazo avy amin'ilay hazo, ary mametraka an'izany ao anaty fitoeran-javatra mafana tsara iray ka mitahiry an'izany hatramin'ny Lohataona, ary avy eo dia manatsofoka an'izany indray ao anatin'ilay hazo? Fantatrareo, tsy hety mihitsy izany. Tsy ho tahaka an'izany mihitsy ilay izy. Ary ny miezaka manao an'izany dia hamono an'ilay hazo fotsiny.

⁶² Fa Andriamanitra dia manana fomba hikarakarana an'io fiainana io mandritra ny ririnina. Nanao fomba iray Andriamanitra. Nahafantatra fa ho tonga eo amin'ilay hazo ny ririnina, dia nanao fomba ho an'izany Izy. Nanana tombontsoa aho nitarika tsy mahatoky iray dimy amby fitopolo taona nankeo amin'i Kristy, tamin'ny alàlan'izany, vao tsy ela akory izay.

⁶³ Atoa. Wood, mpiara-monina amiko, ary Vavolombelon'i Jehovah iray izy amin'ny finoana. Ary nanana zazalahy iray izay kilemaina izy, nanana ranjo niforitra teo ambaniny. Ary ny vadiny, mino aho, dia an'ny—ny hetsika Anderson an'ny Fiangonan'Andriamanitra. Ary tonga tany Louisville izy ireo, Kentucky, izay nipetraka tany amin'ny toerana kely iray antsoina hoe Crestwood, tokony ho telopolo mailly avy eo Louisville.

⁶⁴ Ary tao amin'ny fivoriana tao amin'ilay efitrano malalaka, dia nahita zazavavy iray nanana an'io aretina io izy ireo teo, ka, nivadika lasa tsaoka na vato izy. Ary izy dia, efa nampalemazy izy, hatreo ambonin'ny valahany, ka tsy nihetsika izy nandritra ny, oh, volana maro. Ary avy tany amin'ny tongony ilay izy. Nivavahana izy, indray hariva, ary ny ampitso dia nihazakazaka ambony-sy-ambany teo amin'ny tohatra izy, mafy arak'izay azony nandehanana.

⁶⁵ Ary nitondra ny zananilahy Atoa. Wood. Mazava ho azy, tsy tafiditra tao amin'ilay fivoriana mihitsy izy. Ary taorian'izany avy hatrany, dia nentina tany ampitan-dranomasina aho, nandeha tany ho an'ny Tompontsika. Ary tamin'ny fiverenana dia nanao fivoriana aho tany... tany Ohio, ary nentiny ilay zazalahy, nantsoina hoe David. Ary nipetraka teny amin'ny farany aoriana izy, oh, saiky ho antsasaky ny vondron-tanàna iray.

⁶⁶ Ary niditra ny Fanahy Masina ka nanao hoe, “Misy lehilahy iray eto izao hariva izao. Ary izy sy ny vadiny dia mipetraka eny amin'ny farany aoriana.” Tsy mbola nahita azy mihitsy aho teo amin'ny fiainana. Ary hoy Izy, “Ilay lehilahy, Wood no anarany. Mpiantoka iray izy. Manana zazalahy iray kilemaina izy izay voan'ny lefakozatra, izay nampiforitra ranjo anankiray teo ambaniny. Fa, HOY NY TOMPO HOE, sitrana ilay zazalahy.”

⁶⁷ Satria tsy nahazatra azy ny tahaka an'izany, dia nipetraka vetivety teo ilay zazalahy. Ary afaka kelikely, dia hoy ny reniny hoe, “David, nahoana ianao no tsy manandrana mitsangana?” Ary rehefa nitsangana izy, dia ara-dalàna tahaka an'ilay hafa ilay ranjo.

⁶⁸ Nivarotra ny orinasany ilay lehilahy ary nifindra, mpifanila trano amiko. Oh, tena rahalahy iray maha-te-ho tia izy! Indray maraina rehefa fantany fa tonga teto aho ho an'ny fotoana maharitra, izy dia... Teo amin'ny misandratr'andro, rehefa niala tao an-trano aho, dia indro izy, nitsangana teo an-dàlambe, mitomany tahaka an'izao; nanakana fiara, toy ny hoe handeha hiaraka amiko izy. Ary namihina ahy izy dia nandeha teo amin'ilay lalankely. Tena rahalahy iray mahafinaritra! Efa tena namana iray izy ho ahy.

⁶⁹ Tany amin'ny fanjakan'i Kentucky izahay, nihaza vontsira, teo amin'ny telo taona lasa izay. Ary tena maina ny andro.

Ary ankehitriny, raha misy aminareo vahoaka tatsinanana mahafantatra ny atao hoe vontsira volondavenona, izy... Houdini ilay malaza amin'ny fandosirana dia mpiana-draharaha iray, aminy, rehefa matahotra izy. Noho izany, tiako ny mihaza azy ireny, noho izany dia mihaza azy ireny amin'ny basy .22 izahay. Ary nihaza izahay. Teo amin'ny fakan-drivotro aho teo amin'ny roa herinandro, ary nilasy izahay. Ary tena maina ny andro. Ary raha afaka mandeha manerana an'ireo ala fotsiny ianareo ka manitsaka ra—ravina iray, ary io biby kely io, oh, oadray, fioo, tsy afaka mahita azy fotsiny ianareo. Lasa izy.

⁷⁰ Noho izany dia hoy Rahalahy Wood hoe, “Rahalahy Branham, mahafantatra to—toerana iray aho eto izay misy lempona lalina.”

⁷¹ Firy no mahafantatra hoe inona ny lempona iray? Eny, avy amin'ny ampahany inona an'i Kentucky ianareo? Ary izany no iantsoan'izy ireo an'izany any Kentucky. Eto, mino aho fa ianareo dia miantso an'izany hoe hantsana na zavatra iray, izay andehanan'ny rano mikoriana midina. Ary miditra amin'ireo toerana lalina ireo ianareo, dia mbola mando foana izany, ary afaka mandeha ianareo fa tsy manao tabataba.

⁷² Hoy izy hoe, “Saingy tsy mahatoky iray ilay lehilahy antitra, ary, oh, mankahala mpitory teny izy.” Ary indray mandeha ihany aho no tao amin'ilay firenena tany aloha, ary tao amin'ny fivoriana iray izany.

Dia hoy aho hoe, “Eny àry. Ianao, fantatrao ve izy?”

Hoy izy hoe, “Fantany tsara mihitsy ny dadako.”

⁷³ Hoy aho hoe, “Ndao isika handeha hanontany azy, satria tsy mahavita tsara mihitsy isika eto.”

⁷⁴ Dia nandeha tao anatin'ny kamiao keliny izahay, ary nitety an'ireo ala, ka nidina teo amin'ireo havoana. Oh, oadray! Farany dia tonga teo amin'ny toerana kely iray izahay. Ary lehilahy antitra roa no nipetraka teo ambanin'ny hazo paoma iray. Teo amin'ny faha-20-n'ny Aogositra izany.

⁷⁵ Ary noho izany dia nivoaka avy tao amin'ilay kamiao izy, nandeha teo, ka hoy izy hoe, “Wood no anarako.” Hoy izy, “Izaho no Banks Wood.” Hoy izy hoe, “Manontany aho raha ho mety tsara raha mihaza eo amin'ny toeranao izahay.”

Hoy izy hoe, “Zanakalahin'i Jim Wood ve ianao?”

⁷⁶ Ankehitriny, ny dadany dia mpamaky ao amin'ny Vavolombelon'i Jehovah, na izany izy taloha. Ary ilay fianakaviana manontolo dia nanatona an'i Kristy, ny tsirairay avy, tamin'ny alàlan'ny fahitana. Ny tsirairay avy, niteny tamin'izy ireo mihitsy an'izay hitranga, ary nitranga tahaka an'izany mihitsy ilay izy. Oh, toy ny ahoana no aniriako ahafahako hijanona ka hiteny aminareo fotsiny ny tantaran'io fianakavina io, toy ny ahoana no nidiran'izy ireo. Ny tsirairay

amin'ireo ankizy dia ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra ankehitriny, vita batisa tamin'ny Fanahy Masina.

⁷⁷ Ary noho izany rehefa nanaiky an'izany i Banks, ny... nandroaka azy ny havany rehetra. Izay ihany. Voaroaka izy.

⁷⁸ Saingy, tsirairay, ny tsirairay avy tamin'izy ireo izay nandalo, mba hilaza “manakory” taminy, dia ny Fanahy Masina no nahatratra azy ireo ary niteny an'ireo zavatra ireo, ary avy eo dia niditra izy ireo. Ary avy eo izy ireo dia nandeha niteny tamin'ny iray hafa. Avy eo dia tonga izy, niteny zavatra taminy Izany, avy eo dia tonga izy. Ary tahaka an'izany no nidiran'ilay fianakaviana manontolo tao amin'i Kristy. Ary noho izany izahay rehefa nahazo ny... nivoaka avy tao amin'ilay... .

⁷⁹ Nivoaka avy tao amin'ilay kamiao izy, ary nilaza tamin'ilay lehilahy. Hoy izy hoe, “Zanakalahin'i Jim Wood ve ianao?”

Hoy izy hoe, “Eny.”

⁸⁰ Hoy izy, “Jim Wood dia lehilahy iray mahitsy fo. Eny, tompoko. Karakarao ny tenanao. Mihazà any amin'izay tianao hihazana.”

⁸¹ Hoy izy hoe, “Misaotra anao.” Hoy izy, “Nentiko niaraka amiko ny pasiterako.”

⁸² Hoy izy hoe, “Wood, tsy te-hilaza ve ianao fa lasa ambany loatra ka tsy maintsy mitondra mpitory teny iray miaraka aminao na aiza na aiza alehanao?”

⁸³ Nihevitra aho fa izany no fotoana hivoahako. Noho izany dia nivoaka avy tao amin'ilay kamiao aho, ary nanatona. Oh, oadray! (Ianareo rahalahy mihaza. Ireo mpiara-mihaza amiko, fantatro fa ato ianareo.) Ary mihoson-drà sy maloto toy ny ahoana aho, ary ny volombava saiky *izao* no halavany, fantatrarao; tsy nandro nandritra ny roa herinandro, ary, oh! Noho izany dia nivoaka avy tao amin'ilay kamiao aho ary nanatona moramora. Dia nijery ahy ambony-sy-ambany izy, indroa na intelo. Ataoko fa nieritreritra izy hoe, “Mpitory teny iray!”

Hoy aho hoe, “Manao ahoana ianao?”

Dia hoy izy hoe, “Manao ahoana ianao?”

⁸⁴ Ary noho izany dia nanomboka nampahafantatra ahy Atoa. Wood hoe iza aho, ny... ny pasiterany. Ary hoy izy... .

⁸⁵ Talohan'ny nananany anjara hanao an'izany, dia hoy ilay lehilahy antitra hoe, “Eny,” hoy izy, “teneniko aminao izao ankehitriny izao.” Hoy izy hoe, “Izaho—natao ho tsy mahatoky iray aho. Tsy dia mila betsaka anareo zalahy aho, miantso ny tenanareo ho mpitory teny.”

Hoy aho hoe, “Eny, tompoko. Eny àry.” Hoy aho, “Araka ny hevitra izany.”

Dia hoy izy hoe, “Eny, fantatrao, tsy mahatoky iray aho.”

86 Hoy aho hoe, “Tsy mino aho fa mendrika dokafana izany. Mihevitra tahaka an'izany ve ianao?”

Hoy izy hoe, “Eny, ataoko fa tsia.”

87 Noho izany dia hoy aho, nieritreritra tao am-poko aho hoe, “Tampo, raha mba hany hanampy ahy Ianao, dia manaova Ianao ankehitriny.”

88 Noho izany ilay lehilahy antitra hafa nipetraka teo, tsy niteny na inona na inona mihitsy izy. Ilay satroka be sofina tranainy, tsy fantatro hoe inona . . . Fantatrareo hoe inona izany, nozairina tamin'ny tady roa, fantatrareo. Ary noho izany dia nipetraka kely teo izy ireo.

89 Ary noho izany dia hoy izy hoe, “Fantatrao ve izay anoherako anareo lehilahy ireo? Mivovò eo amin'ny hazo tsy izy ianareo.”

90 Firy no mahafantatra ny dikan'izany, “mivovò eo amin'ny hazo tsy izy”? Alika mandainga iray izany, fantatrareo, izay mivovò eo amin'ny hazo tsy izy. Efa lasa niala teo ilay haza. Tsy misy na inona na inona eo ambony eo. Hitanareo?

91 Noho izany dia hoy izy hoe, “Mivovò eo amin'ny hazo iray ianareo. Tsy misy na inona na inona eo ambony eo,” amin'ny teny hafa. “Miresaka momba an'Andriamanitra ianareo, nefa tsy misy izany Andriamanitra izany.”

“Eny,” hoy aho, “mazava ho azy, mino an'izany izahay.”

Hoy izy hoe, “Eny, ianao no mety, fa tsy izaho.”

Hoy aho hoe, “Eny, mety tsara izany.”

92 Ary hoy izy hoe, “Hitanao ve io fivoahan-tsetroka tranainy eo ambony havoana eo io?”

Hoy aho hoe, “Eny, tompoko.”

93 Hoy izy, “Teo aho no teraka.” Ary hoy izy, “Ny raiko no nanorina an'ity toerana eto ity. Nifindra teto izahay fony aho teo amin'ny enina ambin'ny folo taona teo. Taorian'ny fahafatesan'ny raiko, dia izaho no naka an'ilay toerana. Nitaiza ny fianakaviako aho. Enina amby fitopolo na valo amby fitopolo taona aho, na zavatra tahaka an'izany, no teto.” Hoy izy hoe, “Nijery tsy ankitsahatra aho, isan'andro, teny amin'ny lanitra. Nijery nanerana ny ala rehetra aho. Nijery nanerana ny tany rehetra aho. Ary tsy mbola nahita na inona na inona mihitsy aho izay mitovy amin'Andriamanitra iray.”

Hoy aho hoe, “Eny, mampalahelo loatra izany.”

94 Dia hoy izy hoe, “Izany no antony heveriko fa mivovò eo amin'ny hazo tsy izy ianareo lehilahy.”

95 Hoy aho hoe, “Eny, tompoko.” Ary avy eo dia nisy zavatra nitranga. Nijery an'ilay hazo aho. Nijery ambany aho, ary nisy paoma nipetraka teo ambonin'ilay hazo. Hoy aho hoe, “Mampaninona anao ve raha maka anankiray amin'ireo paoma ireo aho?”

96 Hoy izy hoe, “Karakarao ny tenanao. Ireo fanenitra mavo no mihinana azy ireo.” Fantatrarao hoe inona ny fanenitra mavo, azoko antoka.

97 Noho izany aho—niondrika aho, ary naka anankiray tamin’ireo paoma, ary nokosehiko teo amin’ny tongotry ny patalohako izany, fantatrarao. Dia nanaikitra aho. Hoy aho hoe, “Paoma tsara iray ity.”

Hoy izy hoe, “Eny, anankiray tsara io.”

Hoy aho hoe, “Firy taona io hazo io?”

98 Hoy izy hoe, “Izaho no namboly azy teo. Ndao jerentsika, fito amby efapolo, valo amby efapolo taona izy, zavatra tahaka an’izany.” Hoy izy, “Tsimoka kely bitika iray no namboleko.” Hoy izy, “Nalaiko tany ho any izy, lavitra tany an-kafa any ho any, ary nentiko teto izy.”

Hoy aho hoe, “Eny, tompoko.” Dia hoy aho hoe, “Mitondra voa isan-taona ve izy?”

99 “Mitondra paoma tsara izy isan-taona.” Hoy izy, “Afaka mahazo paoma betsaka avy eo izahay.”

100 Dia hoy aho hoe, “Eny, mahafinaritra izany. Faly aho mandre an’izany.” Dia hoy aho hoe, “Fantatrao, vao ny fahadimy ambin’ny folon’ny Aogositra fotsiny izao.” Hoy aho hoe, “Sivifolo ao amin’ny alokaloka izao saiky amin’ny fotoana rehetra.” Hoy aho hoe, “Hafahafa fa mihintsana avy amin’io hazo io ireo ravina rehetra, nefa tsy nanana fanala isika.”

101 Dia hoy izy hoe, “Oh, izany dia—izany dia, lasa niverina nankany amin’ny fakany ilay tsiron-kazo.”

“Oh,” hoy aho, “izany ve ilay izy?”

Hoy izy hoe, “Eny.”

Hoy aho hoe, “Noho izany dia miverina mankany amin’ny fakany, ho an’ny inona?”

102 Hoy izy hoe, “Eny, raha nijanona teo ambony teo izy, dia hamono azy ny ririnina.”

Hoy aho hoe, “Hamono inona?”

103 Hoy izy hoe, “Ilay hazo. Ao anatin’io tsiron-kazo io ilay tsimok’aina, midina ary miafina ao anatin’ireo fakany.”

Hoy aho hoe, “Oh.” Hoy aho hoe, “Ankehitriny, ho izany ve. . . Ahoana ny amin’ny. . .”

Hoy izy hoe, “Eny,” hoy izy, “tsy misy na inona na inona tsy mahazatra izany.”

Dia hoy aho hoe, “Tsia, tsia. Hetsika iray an’ny natiora fotsiny izany.”

104 Hoy izy hoe, “Fantatrao, te-hiteny zavatra aminao aho.” Hoy izy hoe, “Alohan’ny handehananao lavitra, dia tiako ny milaza an’izao. Nandre momba ny mpitory teny iray aho indray

mandeha, izay tiako ho renesina indray mandeha, raha mba tonga eto amin'ity faritra ity indray izy, tiako ny handre azy.”

Hoy aho hoe, “Oh? Mahafinaritra izany,” hoy aho.

¹⁰⁵ Hoy izy hoe, “Teto Acton izy teo amin'ny roa taona lasa izay tao amin'ny asam-pitoriana iray teo amin'ireo—ireo saha fanaovana foara Metodista tany, ireo toeram-pilasiana Metodista.”

¹⁰⁶ Dia nijery i Banks. Nitodika tany amin'ny Banks aho, izaho . . . Izany dia, Rahalahy Wood. Hoy aho hoe . . .

¹⁰⁷ Ary hoy izy hoe, “Adinoko hoe iza no anaran'ilay lehilahy ankehitriny.” Hoy izy, “Fantatrao, tsy mbola teto amin'ity faritra ity mihitsy izy tany aloha.” Ary hoy izy, “Ramatoa antitra,” olona iray, “no mipetraka eto eo amin'ny mailly iray, eny amin'ilay havoana.” Hoy izy, “Teo am-pahafatesana tamin'ny homamiadana izy. Ary nentin'izy ireo nankany Louisville izy, roapolo amby zato mailly, ary nandidy azy ireo dokotera. Ary rakotra ny vavoniny manontolo, ny tsinainy sy ny rehetra, voan'ny homamiadana. Ary tsy afaka nanao na inona na inona ho azy izy ireo.” Ary hoy izy, “Noho izany dia nentin'izy ireo . . . nozairin'izy ireo izy ary nentiny niverina. Ary izaho sy ny vadiko dia nandeha tany isan'andro. Ary tsy nampitsangana azy intsony izy ireo; tsy maintsy nisintona an'ilay lambampandriana fotsiny izahay ary nanova ny fandriany.” Ary hoy izy, “Nandeha tany izahay nandritra ny herinandro maro.” Niandry ny hahafatesany amin'ny hariva rehetra fotsiny izy, na amin'ny fotoana rehetra. Ary hoy izy, “Ny rahavaviny dia mipetraka eny akaikin'ny helodrano iray hafa.” Fantatrareo, tahaka an'izany no iantsoanareo azy, any. Tsy làlana iray izany; helodrano iray izany. “Akaikin'ny helodrano iray hafa.”

¹⁰⁸ Nandre olona nihomehy aho. Feno Kentuckiana fotsiny ato. Eo . . . Eny, teraka tao amin'izay antsoin'izy ireo hoe Little Renox any aho. Ny dadabeko dia nipetraka tao amin'ny Big Renox, izay mivarina mankao amin'ny Bombshell. Bombshell Creek dia midina mankany amin'ny Little Renox mihitsy, ary midina hatrany amin'ny Casey's Fork, ary mandeha manohy mankao amin'ny Cumberland River avy hatrany. Ankehitriny, eo ampitan'ny Greenbrier Ridge fotsiny izany. Tany no teraka ny reniko, tany Greenbrier Ridge.

¹⁰⁹ Ary hoy izy hoe, “Nipetraka tany amin'ny toerana iray hafa io vehivavy io.” Ary hoy izy, “Teo amin'ny roapolo mailly avy eto izany. Ary tonga izy tamin'io hariva io, ary nipetraka teny amin'ny farany aoriana an'io toeram-pilasiana io.” Ary hoy izy, “Io mpitory teny io, rehefa tany izy, dia nivavaka ho an'ny marary.” Ary hoy izy, “Niteny tamin'ny olona izy mikasika ny hoe iza izy ireo, sy ny rehetra mikasika an'izany.”

¹¹⁰ Hoy izy, “Niditra tara io vehivavy io, ka tsy nahazo anankiray tamin'ireo karatra izay nozarain'izy ireo izy.”

¹¹¹ Ary hoy izy, “Nitodika tany aminy io mpitory teny io, ka niteny taminy, nanao hoe, ‘Fantatrao, ianao, ramatoa mipetraka ery aoriana ery, ianao no *Ranona-sy-ranona*. Ary izao hariva izao rehefa nandao ny trano ianao, dia nametraka mosara kely iray tao anatin’ny poketranao, misy kisarisary manga eo amin’ny zorony.’ Hoy izy, ‘Ary manana rahavavy iray ianao antsoina hoe *Ranona-sy-ranona*.’ Ary hoy izy, ‘Eo am-pahafatesana amin’ny homamiadan’ny vavony izy. Vao avy nahita an’izany tao amin’ny fahitana iray aho. Ankehitriny, ento io mosara io, ary mandehana apetraho eo aminy. Ary, HOY NY TOMPO HOE, ho salama izy.’”

¹¹² Hoy izy hoe, “Ary ilay ramatoa...Tamin’io alina io, dia nandre ny tabataba mahatsiravina indrindra izahay, teo amin’ily havoana. Nihevitra aho fa nanana ny Salvation Army izy ireo teo ambony teo,” hoy izy, “teo amin’ny misasak’alina. Ary nihevitra izahay fa maty ilay ramatoa antitra.”

¹¹³ Ary hoy izy hoe, “Mba fantatrao moa? Niakatra izaho sy ny vadiko ny ampitso, mba hijery raha afaka manome fampiononana izahay, aloha be tamin’ny maraina. Ary nipetraka teo amin’ny latabatra izy, niaraka tamin’ny zingan-kafe, nandrarakana kafe fotsiny, dia nihinana tarta paoma nendasina antsasa-bolana izy sy ny vadiny ho sakafo maraina.” Hoy aho hoe... .

¹¹⁴ Firy no mahafantatra hoe inona ny tarta paoma antsasa-bolana? Fantatrareo, ato an-trano aho ankehitriny. Izany fotsiny dia... .Tiako izy ireo, ary tiako ny môlasy sorgho eo ambonin’izy ireo. Ary nijery nanerana an’ity toerana ity aho mba hahita môlasy sorgho. Ary raha miverina eto indray aho, dia hitondra iray siny ho ahy fotsiny aho, satria zara aho raha afaka handeha raha tsy manana an’izany. Ary fantatrareo, izaho—mampiasa betsaka amin’izy ireo aho, satria karazana Batista aho, fantatrareo. Izaho—izaho—tsy mino ny famafazana an’ireo mofomamy ireo aho. Ataoko batisa tanteraka mihitsy izy ireo, tena tsara. Ary izaho... .Noho izany dia ararako eo ambonin’izy ireo ny môlasy, matevina.

Noho izany dia hoy izy hoe, “Nihinana an’izany izy.” Hoy aho hoe... .

Nieritreritra aho hoe, “Izay ilay izy.”

Hoy aho hoe, “Ankehitriny, tsy matotra amin’izany ianao.”

¹¹⁵ “Eny,” hoy izy, “miakara any avy hatrany dia ianao ihany no aoka hahita.” Hoy izy, “Efa roa taona lasa izany.” Ary hoy izy, “Tsy ny asany manokana fotsiny ihany no ataony; manao ny asan’ny mpiara-monina izy.” Ankehitriny, hitanareo, nitory teny tamiko izy tamin’io fotoana io.

¹¹⁶ Fantatrareo, hoy ny reniko taloha hoe, “Omeo tady betsaka ilay ombivavy, fa hanantona ny tenany izy.” Noho izany dia saiky marina izany. Nametraka ny tongony manokana tao am-bavany

manokana izy, tamin'io fotoana io, rehefa nilaza izy—nilaza izy hoe, “Miakara any ka jereo.”

117 Hoy aho hoe, “Ankehitriny, jereo, tompoko. Ny tianao holazaina ve dia hoe nodidin'ny dokotera io vehivavy io ary nahita azy voan'ny homamiadana?”

“Marina izany.”

118 Dia hoy aho hoe, “Ary nanjaitra azy? Ary avy eo ve dia tehiteny amiko ve ianao fa io lehilahy tany io, dimy ambin'ny folo maily avy eto, dia nahita an'io vehivavy io ary niteny marina tokoa an'izay hitranga rehefa nametraka an'ilay mosara izy ireo? Ary io vehivavy io dia naharesy an'io homamiadana io?”

Hoy izy, “Mandehana miakatra any mihitsy. Ho teneniko aminao hoe ahoana no hahatongavana any.”

119 Hoy aho hoe, “Tsia, tsia. Raisiko ny teninao.” Hoy aho hoe, “Raisiko ny teninao.” Hoy aho hoe, “Eny, tompoko. Hia.”

120 Nihinana an'io paoma io aho, fantatrarao, tamin'ny fotoana rehetra, nitsako azy. Hoy aho, “Paoma tsara iray ity.” Hoy aho hoe, “Te-hametraka fanontaniana iray aminao aho. Inona no nanao an'io tsiron-kazo io hiala tamin'ilay hazo ka nidina nankany amin'ny fakany?”

121 “Nahoana,” hoy izy, “tsy maintsy izy, mba hitahiry ny ainy mandritra ny ririnina.”

122 Hoy aho hoe, “Avy eo dia miverina izy amin'ny lohataona manaraka, mitondra andiam-paoma iray hafa ho anao?”

“Marina.”

123 Dia hoy aho hoe, “Te-hanontany zavatra iray aminao aho ankehitriny. Fahaizana inona no mandeha amin'io tsiron-kazo io, manao hoe, ‘Indro, fararano izao. Miverena any amin'ny fakany ary miafena. Raha tsy mandeha ianao, dia hamono anao ny ririnina. Miverena any amin'ny fakany ary mijanona any hatramin'ny lohataona. Ary avy eo rehefa mafana ny andro ka mety tsara, dia miverena indray ankehitriny ary mitondra paoma betsaka ho an'ity lehilahy ity?’ Ankehitriny, fantatrao fa ainan-java-maniry izany. Tsy manana fahaizana avy amin'ny azy manokana izy. Noho izany, dia teneno amiko hoe fahaizana inona no mandefa an'io aina io hidina mankany amin'ny fakan'io hazo io. Tsy manana fahaizana avy amin'ny azy manokana izy.”

Hoy izy hoe, “Ny natiora fotsiny izany.”

124 Hoy aho hoe, “Noho izany dia makà rano iray siny, ary apetraho eo amin'io andry eo io izany, ary jereo raha hampidina azy ny natiora amin'ny fararano amin'ny taona, ary hamerina azy amin'ny lohataona. Hitanao? Tsia, tompoko. Inona izany?”

125 Ankehitriny, apetraho eny amin'ny ilany mandritra ny iray minitra izany. Izany no lâlana nomanin'Andriamanitra. Amin'ny lâlana nomanin'Andriamanitra ho an'izany irery ihany

no iasan'izany. Hoy ny feo kely iray hoe, “Midina any amin’ny fakany,” dia midina izy. Ankehitriny, manao an’izany tsy misy fahaizana izy. Inona no tokony hataontsika, amin’ny alàlan’ily Andriamanitra iray ihany izay miteny amintsika? Isika, fa manana zò isika ny handà na hanaiky, ary, ny ankamaroany, dia mandà isika. Tsy afaka mandà ilay hazo. Fanao mahazatra iray ihany no fantany, izany dia, mankatò ny Tompony.

“Eny,” hoy izy, “tsy mbola nieritreritra an’izany mihitsy aho tany aloha.”

¹²⁶ Hoy aho hoe, “Teneniko aminao hoe inona. Eritrreto izany, ela be, raha mandeha mihaza izahay. Ary rehefa miverina aho, dia teneno amiko hoe inona ilay izy. . . inona no miteny amin’io tsiron-kazo io mba handeha hidina any amin’ny fakany, ary mijanona mandritra ny ririnina, ary miverena indray amin’ny lohataona manaraka. Rehefa hitanao hoe fahaizana inona no mifehy an’io—io ain’ny hazo io, sy manao hoe, ‘Midina any amin’ny fakany, ka miverena,’ dia ho teneniko aminao fa izany ilay Fahaizana iray ihany izay niteny tamiko, ‘mba hametraka an’io mosara io teo amin’ily vehivavy, dia ho salama izy.’”

Hoy izy hoe, “Niteny taminao?”

¹²⁷ Hoy aho hoe, “Eny, tompoko.” Hoy aho, “Iza no anaran’io lehilahy io? Tsaroanao ve?”

Hoy izy hoe, “Tsy afaka mieritreritra an’ily izy aho.”

Hoy aho hoe, “Tsy Branham ve ilay izy?”

Hoy izy hoe, “Izay ilay izy.”

Hoy aho hoe, “Izaho no Rahalahy Branham.”

¹²⁸ Teo amin’io toerana io dia nitsangana izy, nandray ny tànako. Hoy izy hoe, “Sambany teo amin’ny fiainako, hitako ny tianao lazaina.” Nitarika azy nankeo amin’i Kristy aho.

¹²⁹ Tany aho tamin’ny taona lasa. Maty izy, lasa. Ireo famindrampon’Andriamanitra! Nipetraka teo ny vadiny, teo ambanin’ny hazo, namaofy paoma, avy tamin’ily hazo iray ihany. Nanatona aho ka hoy aho hoe, “Afaka mandeha mihaza ve aho?”

Hoy izy hoe, “Tsy mamela fihazana iray mihitsy izahay.”

¹³⁰ Hoy aho hoe, “Miala tsiny aho.” Izaho—izaho—hoy aho hoe, “Nihevitra aho fa nanana alàlana.”

Hoy izy hoe, “Avy tamin’iza no nahazoanao alàlana?”

Hoy aho, “Ny vadinao.”

Dia hoy izy hoe, “Maty ny vadiko.”

Hoy aho, “Maty vao haingana, sa tsy izany?”

Hoy izy, “Eny. Tsy nanome alàlana ho an’ny olona mihitsy izy.”

¹³¹ Hoy aho hoe, “Teo ambanin’ity hazo paoma ity . . . Tamin’ny taon-dasa, teto aho, ary niresaka mikasika an’ity hazo ity izahay.”

Hoy izy hoe, “Ranadahy Branham ve ianao?”

Hoy aho hoe, “Eny.”

¹³² Nazerany ilay loviam-paoma. Hoy izy hoe, “Ranadahy Branham, maty tao amin’ny fandresen’i Jesosy Kristy izy, ny fijoroany vavolombelona farany.”

¹³³ Inona izany? Mahita fotsiny, tsy miezaka ny handeha manerana an’ireo matematika rehetra ny amin’ny hoe ahoana no itrangan’izany, fa zavatra kely tsotra fotsiny, mijery an’Andriamanitra manomana lālana iray, ary misy zavatra mihazona eo amin’ilay lālana. Hitanareo, ilay Fahaizana iray ihany izay hilaza amin’ny hazo moana iray hoe, “Midina ary miafena ho an’ny ainao,” io fahaizana iray io ihany no ilay Anankiray Izay naneho fahitana iray mikasika an’ilay vehivavy. Ary takany izany. Ary tsy afaka nandà an’izany izy, na iray aza. Nitsangana teo ilay hazo, ary teo ilay vehivavy. Amena. Hitanareo? Lālana nomanin’Andriamanitra!

¹³⁴ Tsy mbola nahita fomba iray tsaratsara kokoa izy ireo hivoahan’ny akoho iray avy amin’ny akoran’atody koa, afa-tsy ny fitsaingohana ny lālany hivoaka. Tsy manana fomba tsara kokoa izy ireo. Tsy mbola nahavita namokatra zavatra hafa mihitsy ny siansa. Raha vakianareo ilay akora, mba hamoahana azy, dia hamono azy izany. Ho faty izy. Tsy maintsy manaraka ny lālana nomanin’Andriamanitra izy, mba ho velona. Amena. Izany dia mety amin’ny olombelona, ihany koa.

¹³⁵ Efa ampy fitaovana izy. Efa mba nahamarika akoho kely iray ve ianareo rehefa mivoaka avy ao amin’ny akora izy? Manana vava mihoaatra, kely izy eo amin’ny akorany, fanakikisana kely fotsy iray. Ary ilay biby kely ao anatiny ao, raha vao manomboka tonga ny aina, dia manomboka manetsika ny lohany kely izy. Inona no ataon’izany? Io fanakikisana kely io no mikiky an’ilay akora, ary manao azy hanify. Rehefa mahazo aina bebe kely izy, dia manomboka mively an’io zavatra kely io. Ary rehefa avy tafavoaka avy ao amin’ilay akora izy, dia tsy mila an’izany intsony, noho izany dia milatsaka fotsiny izy.

¹³⁶ Ary ny zavatra ataon’izany, izany dia fiarovana iray ho an’ny tendron’ny vavany. Raha tsy izany, dia ho nanana vava simba iray izy, ary tsy afaka hitsaingoka ny voany. Oh, oadray! Fomba fahari-miaina nomanin’Andriamanitra! Andriamanitra no manamboatra azy, ny fomba hivoahana avy ao fotsiny. Tsy misy fomba tsaratsara kokoa. Ny zavatra hafa rehetra dia hamono azy. Tsy maintsy tonga amin’ny fomba nomanin’Andriamanitra izy. Ankehitriny, raha manandrana manamboatra fomba iray ianareo na hisaintsaina fomba iray, dia hamono azy ianareo.

137 Izany no olana amin'ny fiangonana Kristiana amin'izao andro izao. Niezaka ny hanaiky fomba namboarina iray izy, raha tokony ho nitady ny làlany, hatrany amin'ny Fanjakan'Andriamanitra. Nanandrana fomba hafa iray izy, ary tsy hety izany. Mamono ny mararinareo ianareo. Mamono ny—ny—ny zazakelinareo ianareo, zazakelin'Andriamanitra, amin'ny fiezahana manamboatra fomba iray. “Oh, tsy misy ilàna an'io boo-hoo io eto sy antsoantso. Tsy misy ilàna an'*ity* rehetra ity, *ity* rehetra ity.” Oh, eny, misy. “Tsy misy ilàna an'io maty io.”

138 Raha tsy misy fahafatesana, dia tsy mety hisy fahaterahana. Ny fahaterahana dia avy amin'ny zavatra ny fahafatesana irery ihany. “Raha tsy milatsaka amin'ny tany ny voam-bary ka maty, dia mitoetra irery izy.” Tsy maintsy lò izy, ary miditra ao anatin'ny fahalòvana, ary avy eo amin'io fahalòvana io no ipoiran'ny aina. Tsy misy fomba hafa hampety an'izany. Tsy maintsy lò aloha izy, ary lasa lò. Ary tahaka an'izany no tsy maintsy haha-izy antsika; maty ny amin'ny tenantsika ary hateraky ny Fanahy Masina indray.

139 Tsia, tsy nahita fomba tsaratsara kokoa hivoahan'ny akoho avy amin'ny akora iray izy ireo, afa-tsy ny fitsaingohana ny làlany mivoaka. Izany no fomba nomanin'Andriamanitra ho azy, ary ampy fitaovana hanaovana an'izany izy. Tsy hanomana fomba iray Andriamanitra raha tsy manomana fitaovana ho an'izany. Noho izany dia nanomana ny fomba Izy, ary nanomana ny fitaovana hanafahan'ilay akoho ny tenany. Amena.

140 Ankehitriny, tsy mbola nahita hevitra tsaratsara kokoa mihitsy koa izy ireo handehanan'ireo ganagana sy gisa ho any atsimo, avy any avaratra, afa-tsy ny mitangorona ary avy eo dia manidina mandeha amin'ny làlany. Tsy misy fomba hafa. Hitanareo, alohan'ny hanidinan'izy ireo mankany atsimo, na manidina avy any atsimo miverina any avaratra, dia mitangorona izy ireo, aloha. Alohan'ny handaozan'izy ireo ny taniny na ny tranony, hankany amin'ny trano vaovao iray, dia mitangorona izy ireo. Manao an'ilay zavatra iray ihany ny tantely. Mitangorona izy ireo. Natiora iray izany. Inona izany? Manana fifohazana iray izy ireo. Mitangorona izy rehetra ary mitambatra. Tsy mbola nandre tabataba tahaka an'izany mihitsy ianareo teo amin'ny fiainanareo.

141 Ary alohan'ny hany ahafahantsika miala amin'ity fonenana ity, mankany amin'ny anankiray vaovao, dia tsy maintsy mitangorona ao anatin'ny fifohazana iray isika.

142 Oh, manatòna andiana ganagana sy gisa, tsy mbola nandre horakoraka betsaka ianareo teo amin'ny fiainanareo rehetra. Inona no ananan'izy ireo? Fifohazana iray. Miomana ny handeha eny amin'ny habakabaka izy ireo. Amena.

143 Izany no ilaintsika amin'izao andro izao, dia fifohazana iray mampitangorona. Tsy misy fomba hafa; tsy maha-mpikambana.

Tsy mihevitra ny maro an'isa Andriamanitra. Mihevitra ny fahatsoram-po amin'ny Làlana nomaniny Izy.

¹⁴⁴ Ankehitriny, tsy nahita zavatra hafa haka ny toerany mihitsy izy ireo. Tsy mety hisy làlana iray tsaratsara kokoa. Ankehitriny, ohatra raha nilaza ny siansa hoe, “Gana kely mampalahelo. Tsy tianay hitangorona intsony izy ireo. Ary hanipy harato iray eo ambonin'izy ireo izahay, alohan'ny hiomanan'izy ireo hitangorona. Ary hanangona azy ireo avy hatrany ao anaty tranon'akoho izahay, ka hitondra azy ireo any atsimo.”

¹⁴⁵ Izany dia mitovy amin'ny hoe, mampiditra azy ireo ao anatin'ny rafi-pandaminana iray na zavatra, fantatrareo, mametraka azy ao anaty tranon'akoho any ho any. Izany no hoe eo amin'ny làlany mankany amin'ny famonoana. Fantany fa mandeha mankany amin'ny trano famonoana iray izy rehefa miditra ao anaty tranon'akoho iray. Fa rehefa mandeha amin'ny làlana nomanin'Andriamanitra izy, dia lavitra an'izany. Noho izany, angamba tsy tokony nilaza an'izany aho. Tsy nilaza an'izany aho ho—ho fomba fanaratsiana iray manohitra rafi-pandaminana iray. Fa fantatrareo izay tiako lazaina. Angamba izay ihany . . .

¹⁴⁶ Tsy izany no fomba hanaovana azy. Tsy afaka miditra ao anatin'ny rafi-pandaminana iray ianareo, ary manidy ny tenanareo ka manao hoe, “Metodista aho, na Batista,” na hafa iray. Tsy izany ilay izy. Tsia, tsia.

¹⁴⁷ Tsy maintsy mitangorona ianareo. Marina izany. Tsy maintsy tonga eo amin'ny toerana iray izay ahafahanareo mitsaingoka ny tenanareo hivoaka ianareo.

¹⁴⁸ Ireo, mikambana izy ireo, ary miditra ao anatin'io tranon'akoho io. Ary—ary izy ireo rehefa . . . Raha manao an'izany izy ireo, dia fantatr'izy ireo fa eo amin'ny làlana mankany amin'ny trano famonoana izy ireo.

¹⁴⁹ Fa, ankehitriny, ahoana moa raha afaka mametraka azy rehetra ianareo, manangona azy ary mametraka azy ao anaty tranom-borona iray, ka hitondra azy ireo mankany atsimo, mamotsotra azy ireo. Avy eo, alohan'ny hiomanan'izy ireo hitangorona, dia manipy harato eo amin'izy ireo. “Tsy mino ny andron'ny fahagagana izahay.” Hitanareo? “Ianareo ganagana kely, tsy afaka manidina intsony ianareo. Ho an'ireo ganagana taloha an'ny taona iray hafa izany.” Raha mbola manao ganagana iray foana Andriamanitra, dia Ataony mitovy izy rehetra. Ary raha manao fomba iray handehanan'ny ganagana iray Andriamanitra, dia izany no fomba andehanan'ny ganagana rehetra.

¹⁵⁰ Ary fantatrareo ve izay hataon'izany? Hamono an'io ganagana io izany amin'ny farany. Tena halemy izy, ka tsy hitombo tsara ny elany. Tsy afaka hanidina intsony izy. Tahaka ny zanaky ny mpiray tam-po aminy ao anatin'ny tranom-biby

mihitsy, kibo ny rehetra fa tsy misy ganagana. Hitanareo? Tsy manana elatra haningaina ny tenany izy. Marina izany. Hitanareo? Ho lasa malemy tahaka ny zanaky ny mpiray tam-po aminy ao anatin'ny tranom-biby izy, ireo rahalahiny ar-anaram-piangonana izay tsy lasa na aiza na aiza. Hitanareo? Marina izany. Hitanareo? Marina izany. Ho izay ihany izy, malemy antitra iray. Tsy hahafantatra na inona na inona mikasika ny manidina malalaka izy. Amena.

¹⁵¹ Izany ilay olana amin'izao andro izao. Miezaka manidy azy ireo isika, ka miteny amin'izy ireo hoe, “Efa lasa ireo andron'ny fahagagana. Ary tsy afaka hatoky ny tenany izy, raha hiala amin'ny tany ny tongony. Hamono azy izany. Tsy ho ela velona mihitsy izy.”

¹⁵² Fa, fantatrareo, io ganagana kely io dia hilaza, raha afaka mamaly izy hoe, “Tsia, misaotra anao.”

¹⁵³ “Oh, mora izany. Tsy manana zavatra iray hatao ianao. Afaka mihetsika arak'izay tianao ihetsehana fotsiny ianao.”

¹⁵⁴ Hilaza izy hoe, “Misaotra anao. Tena mihetsika arak'izay tiako ihetsehana aho, satria misy zavatra ao anatiko, mihetsika. Amena. Ary tsy maintsy mihetsika arak'izay tiako ihetsehana aho.” Ary ny olona rehetra izay nateraky ny Fanahin'Andriamanitra, dia misy zavatra mihetsika ao anatin'ny. Tsy maintsy manidina eny amin'ireo lanitra izy, fientanam-po iray, zavatra iray hafa izay manao an'izany ho tena misy.

¹⁵⁵ Ho lasa tahaka ny akoho iray ilay vorona kely amin'ny farany, vorona fiompy iray. Tsy afaka hanainga ny tongony hiala amin'ny tany intsony fotsiny izy. Noho izany raha nahoany manidina eny amin'ny habakabaka foana ilay akoho, nahoana, dia ho afaka nandeha tsara izy. Ho afaka nandeha nankany atsinanana, andrefana, avaratra, ary atsimo izy, ka nahita zavatra.

¹⁵⁶ Ary zavatra iray hafa, hitanareo, tsy ho vitany fotsiny izany. Satria, eny amin'ny lalana avy any Canada, dia maka karazana fitaovana samihafa izy, sakafo tsy ho azony raha nataonareo tao anaty tranom-borona izy, mamahana katsaka azy amin'ny fotoana rehetra fotsiny. Afaka mamaky ny eny anelanelan'ny andalana ve ianareo? Napetrakareo teo izy, noho izany dia ireo Fanehem-pinoan'ny Apostoly fotsiny no fantany, mody-antsoina, ary ahoana no handehanana any amin'ny sekoly Alahady, ary saiky izay ihany no misy amin'ilay izy; mandoa vola ho an'ilay mpitory teny, ary miaina arak'izay tiany iainana.

¹⁵⁷ Fa, oh, rehefa manidina ianareo, amena, rehefa manidina ianareo, dia maka mihoatra noho ny fanehem-pinoana ar-anaram-piangonanareo. Maka vitamina ianareo, vitamina arapanahy izay manorina vatana iray izay mafy, feno ozatra, miaraka amin'ny volon'ny elatra izay afaka manainga anareo hiala amin'ny tongotrareo ary maneho aminareo an'ireo zavatra

izay ho avy. Ny Fanahy Masina, “Rehefa Izy, ny Fanahy Masina no tonga, dia Izy no haneho aminareo an’ireo zavatra ireo, hanambara aminareo an’ireo zavatra izay Noteneniko taminareo; ary haneho aminareo an’ireo zavatra izay ho avy.” Eny. Tsia, tsy afaka hanidy azy ianareo ary haka azy. Tsy hety izany. Tsia. Raha idinareo izy, dia mizotra mankany amin’ny famonoana.

¹⁵⁸ Tsy misy olona afaka hisafidy làlana tsaratsara kokoa noho izay vitany koa. Mety handeha ianareo ka hanao hoe, “Ankehitriny, Atoa. Ganagana, hiteny zavatra aminao aho. Diso làlana ianao. Tsy maintsy mandeha *eto* ianao, miova làlana ianao. Mandehana mankany amin’ny morontsiraka *eto*, io no izy. Izany no tsaratsara kokoa noho ny mandeha amin’ny làlana andehananao.” Tsy hety fotsiny izany. Tsia. Tsia. Mihevitra izy ireo fa mahafantatra làlana tsaratsara kokoa noho ny làlana nomanin’Andriamanitra ho azy ireo. Fa, mahafantatra izy ireo.

¹⁵⁹ Na, afaka misafidy mpitarika iray tsaratsara kokoa ho azy ireo ve ianareo noho ilay mpitarika nomanin’Andriamanitra izay nomen’Andriamanitra azy ireo? Ary tsy ho afaka hisafidy eveka iray mihitsy ny olona, na rafi-pandaminana iray, na zavatra hafa izay haka ny toeran’ny fitarihan’ny Fanahy Masina ho an’ily Fiangonana. Tsy misy zavatra hafa afaka hanao an’izany. Làlana nomanin’Andriamanitra! Nanomana làlana iray ho azy ireo Andriamanitra, Mpitarika iray, Mpitarika iray voatsindrimandry.

¹⁶⁰ Ary voatsindrimandry io mpitarika io. Nahoana, efa imbetsaka aho no nandinika azy ireo, rehefa manao dia fihazana aloha be aho, mandeha mitady ondry na zavatra hafa rehefa tsy maintsy mandeha aloha be ianareo, any amin’ireo tendrombohitra. Tsy mbola nisy fanala. Angamba, any ambony any, oram-panala kely no hanarona an’ily tendrombohitra. Hitsoka manerana ny tendrombohitra io rivotra mangatsiaka io. Misy nateraka ho mpitarika iray ara-boajanahary eo anivon’izy ireo. Hihazakazaka avy hatrany eo amin’io farihy io tahaka an’izany izy, ary haneno in-efatra na indimy, ary eo no tonga ilay fitangoronana. Eny, tompoko. Mahafantatra azy izy rehetra. Fantatr’izy ireo izy amin’ny fomba fanenony. Oh, oadray!

¹⁶¹ Fantatrareo izay noresahiko omaly hariva, ny trompetran’ny Filazantsara, raha manao feo hafahafa izany. Ny feony tsy manao ha- . . . Tsy manao feo hafahafa izy. Tena ganagana izy ireo. Fantatr’izy ireo ny feon’ny ganagana iray. Ahoana moa raha mametraka akanga antitra iray eo ianareo, na vorontsilozana? Tsy haneno tsara ny fanenony. Fantatr’izy ireo ny feon’ny mpitarika iray.

¹⁶² Ary ny fiangonana dia tokony hahafantatra an’izany. “Manana ny endriky ny toe-panahy araka an’Andriamanitra, nefa mandà ny heriny,” ny tahaka an’izany, dia aza avela

hitarika azy ireo. “Kirina, mpieboebo, tia fahafinaretana mihoatra noho ny fitiavana an’Andriamanitra, mpanontolo fo, mpanendrikendrika, tsy mahonom-po,” ary tsy tia an’ireo ganagana izay manidina. Hitanareo? Hitanareo ve izay tiako lazaina?

¹⁶³ Izy ireo—fantatr’izy ireo ny feon’ny Filazantsara. “Ny Ondriko mahalala Ny Feoko.” [Elanelana tsy voarakipeo—Mpand.] “Tsy hanaraka vahiny izy ireo.” Porofoin’Andriamanitra isan’andro fa marina izany.

¹⁶⁴ Mariho, ankehitriny. Ary tsy afaka mahazo ny... Tsy afaka hisafidy ho azy ireo ianareo. Ahoana moa raha nandeha tany ianareo, ka hoy ianareo hoe, “Oh, andraso iray minitra, ry ganagana kely. Diso tokoa ianareo. Ity misy ganalahy goavana tsara iray. Oadray, toa tahaka ny mpanjaka izy eo anivonareo. Ary ankehitriny dia fantatrareo ve izay hataoko? Handraraka rano kely eo an-tampon’ny lohany aho, dia hotokanako izy. Hataoko Ganagana Mpanjaka izy. Ary hametraka satroboninahitra iray eo aminy aho, ka hampikianjo azy hafa kely, mba hahafantaranareo rehetra azy. Araho foana io lehilahy io eto, satria voakolokolo izy.” Alefaso eo amin’ily dobo izy. Afaka haneno betsaka arak’izay tiany izy. Ny ganagana tsirairay dia hanatodika ny lamosiny aminy, satria manao feo hafahafa izy. Hia.

¹⁶⁵ Fa avelao ilay ganagana kely izay efa nofidin’Andriamanitra ho mpitarika, avelao izy haneno, dia diniho izy rehetra ireo mitangorona ho an’ny fifohazana iray. “Any amin’izay misy ny faty, no hiangonan’ny voromahery.” Fantany ny rehetra mikasika an’izany. Hitanareo? Noho izany Izy—manana lâlana nomanina iray Izy. Ary ireo ganagana dia mahafantatra an’ily lâlana nomanina. Mampalahelo loatra fa ny olona tsy mahafantatra. Eny àry. Fa tahaka an’izany no itrangany, ankehitriny. Eny àry.

¹⁶⁶ Raha izy no ilay ganagana-mpitarika voatsindrimandry, dia izy no hitondra azy ireo any amin’ny toerana nomanin’Andriamanitra ho azy ireo. Ary raha hihaino an’izay lazain’ily mpitarika fotsiny isika, ny Fanahy Masina, dia Izy no hamerina antsika avy hatrany mankany amin’ny Teny indray. Izany no lâlana nomanin’Andriamanitra. Manerana ny lâlana dia tsy mila fanekem-pinoana sy anaram-piangonana isika, ary ahi-dratsy. Misy ahitra ho an’ny ganagana sy karazan-javatra tokoa izay tsy maintsy hohanintsika, hanin’ireo ganagana, eny am-pandehanana. Ary misy sakafo izay ny... Raha ny marina, ireo—ireo voninkazon’Andriamanitra, no hanin’ireo zava-boahary an-dâlana mankany an-danitra manerana ny lâlana, ary izany dia, “Tsy ny mofa ihany no hiveloman’ny olona, fa ny Teny rehetra izay aloaky ny vavan’Andriamanitra.” Hitanareo?

¹⁶⁷ Io ganagana io, ganagana mpitarika, dia hitarika azy ireo mankany amin’ny toerana nomanin’Andriamanitra, hankany

Louisiana mihitsy. Fa, ny iray amin'ireo hafa ireo dia tsy hahafantatra an'izay handehanany, tonga eo ary mihodina manodidina.

¹⁶⁸ Namaky tao amin'ny *Life* magazina aho, teo amin'ny telo na efa-taona lasa izay, izay nisy gisalahy antitra iray nanomboka niaraka tamin'ny andiana iray tany. Ary nihambo izy hoe mpitarika iray izy. Ary ny zavatra voalohany fantatrareo, tonga tany Angletera izy ireo, tsy mbola niverina mihitsy. Marina izany. Noho izany dia tsy maintsy mitandrina izy ireo hoe karazana ganagana na gisalahy inona no arahin'izy ireo. Noho izany dia nilaza izy ireo, any Angletera any...Izy ireo dia ganan'i Canada, ihany koa. Ary tonga tany Angletera tany izy ireo, sy ny manodidina rehetra, nitangorona, saingy tsy fantatr'izy ireo hoe iza no làlana hiverenana. Oh, oadray!

¹⁶⁹ Mampalahelo fa ny fiangonana dia nihetsika betsaka tahaka an'izany, ihany koa, tonga teo amin'ny toerana iray, tsy fantatr'izy ireo hoe ahoana no hiverenana. Hoy izy ireo, "Eny, isika...Azoko fa nilaza i bebe, imbetsaka i bebe no nilaza fa ny bebeny dia nilaza, fa nanana asampanasitranana izy ireo taloha tao am-piangonana. Efa lasa ireo andron'ny fahagagana," mamela olona iray hitarika anareo eo amin'ny làlan-diso. Tsaratsara kokoa ny manaraka ny làlana voatsindrimandrin'Andriamanitra, ilay làlana tokana.

¹⁷⁰ Mariho, ity ganagana kely ity, tsy mbola nisy olona hany afaka nitondra azy ireo hafa mihitsy. Fantatr'izy ireo fa io mpitarika kely io dia hitarika azy ireo any amin'ny toerana nomanin'Andriamanitra marina tokoa. Ary ahoana no anaovany an'izany? Amin'ny alàlan'ny fitaovany nomanin'Andriamanitra. Mamoaka ny anteniny izy, amin'ny fotoana rehetra, tahaka ny tokony ananantsika, manakatra ny Fanahy, ireo antenina arapanahintsika.

¹⁷¹ Ankehitriny, hitantsika fa hiakatra eny amin'ny habakabaka izy, eny amin'ny habakabaka ambony. Mamoaka ny anteniny. Fantany ny karazan-tsakafo izay tsy maintsy iveloman'ireo ganagana kely ireo, mba hanaovana an'io fanidinana io. Noho izany rehefa mahatsikaritra zavatra eny amin'ny tany ambany lavitra izy, dia hahita azy hihevaheva ianareo, ary midina izy. Hidina avy hatrany ilay vondrona manontolo, hanana jobilin-tsakafo iray fotsiny. Ary haneno izy, dia handeha eny amin'ny habakabaka indray izy ireo, mahitsy mankany atsimo. Marina izany. Mpitarika an'Andriamanitra, mpitarika an'Andriamanitra ho an'ireo ganagana. Marina izany.

¹⁷² Te-hilaza zavatra hafa aho. Fantatrareo, tsy mbola afaka nahazo ara-tsiansa izy ireo, nahita fomba iray tsaratsara kokoa mba hahazoan'ny zazakely iray an'izay tiany afa-tsy ny mitomany ho an'izany. Fantatrareo, tsy afaka hampianatra azy hitrena izy ireo. Ary tsy afaka hampianatra azy

hiresaka haingana tahaka an'izany izy ireo. Fa fantatrareo ve hoe ahoana no ahazoany an'izany? Mandray ny làlana nomanin'Andriamanitra ho an'izany fotsiny izy. Mitomany an'izany izy, mikiakiaka, sy mandaka, ary miantsoantso mandra-pahazoany an'izany. Hitanareo? Marina izany. Izany no fomba tokana, dia ny mitomany an'izany. Tsy afaka mahita làlana nomanina tsaratsara kokoa noho ny làlana nomanin'Andriamanitra izy ireo. Marina izany. Avelao handeha fotsiny izany. Ary ireo zavatra ara-boajanahary ireo. . .

¹⁷³ Nijanona aho, teto vao tsy ela akory izay, tany Alemaina, ary niresaka tamin'ny vondron'olona lehibe. Dia hoy aho hoe, "Inona ny olana aminareo Alemaina? Fantatrareo, nidina teny andàlambe aho, ary nivovo ny alika iray, ary nivovo tamin'ny teny Anglisy izy." Hoy aho hoe, "Niezaka nampitony ny zazakeliny ny reny iray teo amin'ilay fiara, vao teo, ary nitomany izy, ary nitomany tamin'ny teny Anglisy izy." Hoy aho hoe, "Inona no mahatonga antsika rehetra hifanjevo? Hitanareo? Mandeha eo amin'ny làlana nomanin'Andriamanitra izy ireo. Ary avy any amin'ny tilikambon'i Babela iray isika, hitanareo, mifanjevo tanteraka." Marina izany!

¹⁷⁴ Fantany fa ny làlana nomanin'Andriamanitra no làlana tsara indrindra. Tsy mahafantatra fomba tsaratsara kokoa ahazoan'ilay zazakely an'izay tiany izy ireo afa-tsy ny hitomany an'izany. Araka ny nolazain'ny Dr. Bosworth taloha hoe, "Ny zazakely izay mitomany mafy indrindra no mahazo ny fikarakarana tsara indrindra." Saiky tahaka an'izany ilay izy.

¹⁷⁵ Ho an'ny zanak'Andriamanitra izany. Afaka hanao mirazotra an'izany aminareo aho. Mitsangana ny lehilahy iray, eo, milaza, mitsako ny siligaomany tsara mihitsy hoe, "Fantatrao, Ray, eto aho izao hariva izao. Raha te-hanome ahy ny Fanahy Masina Ianao, dia mety tsara. Inty aho. Fa raha te-hanasitrana ahy Ianao, dia mipetraka eto aho. Fa raha tsy manao Ianao, nahoana, mety tsara. Izany no Sitraponao, Tompo." Efa nanoratra an'ilay sitrapo Izy, eto ao amin'ny Baiboly. "Izany no Sitraponao." Eny àry. Ity no Sitrapony, *eto* mihitsy. "Ary raha Tianao ny hananako an'izany, dia hanana an'izany aho. Saingy, na izany aza, raha tsy manao Ianao, nahoana, dia mety tsara izany." Tsy ho tonga na aiza na aiza ianareo.

¹⁷⁶ Fa avelao ho tonga eo io anankiray io ka hiantsoantso, tahaka an'i Buddy Robinson. Nijanona teo afovoan'ilay sahan-katsaka izy. Nafatony ny ramoleny. Hoy izy hoe, "Tompo, raha tsy Omenao ahy ny Fanahy Masina, rehefa miverina Ianao dia hahita antontan-taolana mipetraka eto mihitsy. Hijanona eto aho mandra-pahazoako an'Izany." Izany no matotra.

¹⁷⁷ Andriamanitra dia manoro hevitra ny Olony isan'andro, ireo Zanany mpino, mba handeha amin'ny Làlana nomaniny isan'andro. Izany no hevitr'Andriamanitra, ny hanoro hevitra

an'ireo Zanany, ny Làlana nomaniny. Antsoantsoy izay ilainareo. Mila anareo hiantsoantso Izy.

¹⁷⁸ Rehefa nanomboka i Petera, nandeha teo ambonin'ny rano, dia nihevitra fa tafavoaka tsara mihitsy izy. “Hitanareo ve hoe goavana toy ny ahoana ny ataoko?” Nanomboka nilentika izy. Tsy nilaza izy hoe, “Eny, ataoko fa tsy nahomby ilay izy,” nanohy hatrany ambany, niakatra ireo boiboika vitsivitsy, ary izay ihany ny amin'ilay izy. Hitanareo? Tsia, tsia.

¹⁷⁹ Niantsoantso izy hoe, “Tompo, vonjeo aho.” Amena. Ary nitsotra io tânana Mandrakizay io ka nampakatra azy indray. Nahoana? Niantsoantso izy.

¹⁸⁰ Izany no olana amin'ny fiangonana. Tsy mijanona ela be eo isika. Tsy miantsoantso ela be isika. Tsy mamikitra eo amin'izany isika. Raha mila zavatra ny zaza kely iray, dia handaka sy hikiakiaka izy, hivadika mena ny tarehiny. Matahotra isika sao hanala an'ilay (inona ilay izy, ny iantsoanareo azy?) maskarà eo amin'ny tarehintsika isika, na inona na inona ilay izy, io loko io. Raha azonareo—raha azonareo izay ilainareo avy amin'Andriamanitra, dia ho esorinareo izany, na ahoana na ahoana. Noho izany, tsy mila manahy ny amin'izany ianareo. Hanakorontana ny volonareo ianareo, saingy tsy manao fahasamihafana izany. Tsia. tsia, tompoko.

¹⁸¹ Ankehitriny, tsy manantena antsika hanatona Azy amin'ny kabary ara-tsaina iray Andriamanitra. Tsaroako fa nanandrana an'izany aho rehefa niezaka ny ho voavonjy. Saika hanoratra taratasy iray ho Azy aho ary hametraka an'izany tao anaty ala, satria fantatro fa handalo ao anaty ala Izy ary hiteny amiko. Hiteny Aminy fa menatra ny tenako aho, ary izaho—tsy te-hanao an'izany aho. Ary nandeha tany aho mba hivavaka. Hoy aho hoe, “Ankehitriny, ndao jerentsika. Nahita sary iray aho indray mandeha, izay nametrahan'izy ireo ny tânany tahaka an'izao.” Hoy aho hoe, “Atoa. Jesosy, maniry aho ny Hahatongavanao eto iray minitra. Te-hiresaka Aminao iray minitra fotsiny aho. Mihaino aho.” Tsy nisy olona. Hoy aho hoe, “Diso ny nanaovako azy. Eny àry. Atoa. Jesosy, angamba tokony nataoko tahaka an'izao ilay izy.” Hoy aho hoe, “Atoa. Jesosy, ho avy ve Ianao hanampy ahy? Mpanota aho. Te-hiresaka Aminao iray minitra aho.” Tsy nisy olona tonga. Navaloko ny sandriko. Hoy aho hoe, “Atoa. Jesosy, ho avy eto ve Ianao? Izaho mila . . . Reko ireo olona manao hoe, ‘Niresaka tamiko Andriamanitra.’” Hoy aho hoe, “Atoa. Jesosy, ho tonga eto ve Ianao? Te-hiresaka Aminao aho.”

¹⁸² Mazava ho azy, tamin'izay fotoana izay dia tonga teo amin'ny sehatra ny devoly. Tahaka an'izany no ataony. Mety hiteny aminareo izy hoe, “Marary ny lohalikao. Tsy ilaina ny mangataka, hitanao. Miandrasa ianao, ho azonao izany rahampitso hariva.” Eo foana izy rehefa tsy vonona ianareo. Ary

avy eo dia hoy izy tamiko . . . Fa isan'andro, izay lazainy, araraoty izay lazainy. Araraoty izany.

¹⁸³ Hoy izy tamiko hoe, “Mba fantatrao moa? Efa sivy ambin'ny folo taona ianao, na roapolo taona.” Hoy izy, “Efa roapolo taona ianao. Niandry ela loatra ianao.”

¹⁸⁴ Hoy aho hoe, “O Andriamanitra, niandry ela loatra aho. Tompo, na tsy mandre ahy aza ianao, dia hiteny Aminao aho, na ahoana na ahoana. Efa te-hanao an'izao foana aho.” Oh, rahalahy, izany no nitondra Azy teo amin'ny sehatra. Hitanareo? Inona izany? Niantsoantso, tsotra fotsiny. Miantsoantsoa! “Tampo Jesosy, ianao no nampanantena an'izany, Tompo.” Tonga eo amin'ny sehatra Izy.

¹⁸⁵ Izany no fomba hitondrana Azy eo amin'ny sehatra. Zazakely iray fotsiny ianareo. Miantsoantsoa, miantsoantsoa an'izany.

¹⁸⁶ Aza miezaka milaza, eny, zavatra lehibe, iray hafa, ary vavaka an-tsoratra lehibe ampiasainareo, mandritra ny ora iray na roa. Tsy mahavita soa izany.

¹⁸⁷ Tahaka ny lazain'izy ireo hoe, “Efa nanao vavaka tsianjery ianao?” Tsia. Fahotana ny manao tsianjery anankiray. Manaova vavaka iray ianareo. Aza manao tsianjery iray. Manaova vavaka iray. “Manaova vavaka tsianjery iray ho ahy.”

¹⁸⁸ Hoy aho hoe, “Aza manao an'izany ho ahy. Afaka mivavaka ho ahy ianareo, fa aza manao vavaka tsianjery.” Tsia, tompoko. Tsia. Izao fotsiny, mivavaha ho ahy rehefa mivavaka ianareo. Eny àry.

¹⁸⁹ Antsoantsoy izay ilainareo. Izany no làlana nomanin'Andriamanitra. Tsy nanazava an'izany ve Jesosy rehefa nilaza an'ilay mpitsara tsy marina Izy, tamin'ilay vehivavy izay niantsoantso andro aman'alina? Tsy mihoatra noho izany ve no hanomezan'ny Ray any An-danitra ny Fanahy ho an'ireo izay miantsoantso an'izany, andro aman'alina? Mitadiava, manohiza mitady. Mandondòna, manohiza mandondòna. Manohiza fotsiny mandra-Pamohany. Mijanòna eo amin'izany. Miantsoantsoa mandra-pahatongan'ny Teny nampanantenaina ho voamarina, amin'izay fotoana izay dia azonareo ilay izy. Tsy mila manahy intsony ianareo. Hitanareo fa ny Baiboly no nampanantena an'izany, noho izany dia mijanòna tsara eo ary miantsoantsoa mandra-pahazoanareo an'izany.

¹⁹⁰ Raha mahita mofomamy iray ny zaza kely iray ka mila an'izany izy, dia mitomany fotsiny izy, sy mitomany, sy mitomany, sy manindrona, mandaka, sy mihiakiaka, sy mivavaza, ary mivadika mena ny tarehiny. Manome mofomamy iray ho azy ny mamany, dia tapitra izany rehetra izany. Hitanareo? Azony izay hitany, izay nilainy. Raha te-hilelaka ny kôrinen'ny gilasinareo misy hero-dronono izy, dia hanohy hanao hitabataba fotsiny izy mandra-pahazoany an'izany. Hitanareo?

¹⁹¹ Eny, tahaka an'izany no tokony hataontsika. Raha mahita teny fikasana iray ao amin'ny Baiboly izay Tenin'Andriamanitra aho, amin'izay fotoana izay aho dia mijanona eo fotsiny ary miantsoantso mandra-panomezan'Andriamanitra ahy an'izany. Ary Hataony izany, hanala anareo eo amin'ny Tànany; hitanareo, ho ao amin'ny ara-boaJanahary izany. Fa Tiany ianareo hanao an'izany. Tiany ianareo hangataka. "Mangataha betsaka mba ho tanteraka ny fifalianareo." Hia. Hia.

¹⁹² Miantsoantsoa mandra-pahatongan'Ny Teniny ho voamarina. Ankehitriny, ry sakaiza, ndao isika handinika iray minitra fotsiny ankehitriny. Miantsoantsoa mandra-pahatongan'ny Teny ho voamarina.

¹⁹³ Ny olana amin'ilay izy dia, mahazo mofomany iray isika dia mihevitra fa izay ihany no misy. Misy latabatra iray manontolo feno eo. Tonga isika mba ahafahantsika miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, hoy isika hoe, "Oh, rahalahy, izany ilay izy." Oh, tsia. Tsy izany ilay izy. Ampahan'ilay izy fotsiny izany. Marina izany. "Oh, tena faly aho ka nihiakiaka." Mbola ampahan'ilay izy izany. Fa mbola misy betsaka amin'izany. Manohiza miantsoantso fotsiny, mandra-paha . . .

¹⁹⁴ Izany no làlana nomanin'Andriamanitra ho an'ny Olony. Ny làlana nomanin'Andriamanitra isan'andro dia ny mandray Ny Teniny ary mifikitra amin'izany mandra-pahatonga Azy ho voamarina aminareo. Ankehitriny, manaraka ahy ve ianareo? Andriamanitra, làlana nomanina iray, mifikira amin'ny teny fikasana mandra-pahatongan'izany ho voaseho aminareo.

¹⁹⁵ Ary, tsarovy, raisim-peo aho eo amin'ity. Hoe, ny fampanantenan'Andriamanitra rehetra ao amin'ny Baiboly, raha . . . Misy fepetra izany ankehitriny. Satria fotsiny hoe mino ianareo fa misy izany, tsy izany no manao azy mba hitrangany.

¹⁹⁶ Ireo Fariseo sy Sadoseo dia mpivavaka mihitsy niaraka tamin'ireo sakramenta arak'izay mety naha-izy azy ireo. Fa hoy Andriamanitra hoe, "Maimbo eo amin'ny Oroko izy ireo." Hitanareo? Tsy nisy fahatsoram-po. Tsy nisy na inona na inona tamin'izany izay tokony hisy.

¹⁹⁷ Tsy maintsy tonga eo amin'ny fototry ny teny fikasana ianareo, ary avy eo amin'ny toe-tsainareo manoloana an'izany.

¹⁹⁸ Jereo ireo mpisorona efajato ireo tamin'izany andro izany, na ireo mpaminany, izay nananan'i Ahaba tany. Hoy izy ireo hoe, "Antsika i Ramota-gileada. Josoa, tamin'ny alàlan'ny Fanahy Masina, no nizara an'izany. Ary ireo Siriaana no naka azy." Ary hoy ny mpaminany iray hoe, "Ankehitriny, jereo eto, marina ara-pototra izany." Ankehitriny, tena Batista iray izy. Dia hoy izy hoe, "Marina tokoa izany. Izany ilay teny fikasana ara-pototra, teny fikasana. Antsika io tany io." Noho izany dia nanamboatra tandroka roa goavana ho azy izy, ka nanao hoe, "Miakara any, ka

ento ireto tandroka ireto ary atoseho hiala mihitsy i Syria. An’ny Isiraely izany.” Marina izany. Ara-pototra, dia marina izany.

¹⁹⁹ Fa inona no nolazain’i Mikaia kely? Hoy izy hoe, “Nahita ny Isiraely niely tahaka ny ondry tsy misy mpiandry aho.” Hitanareo?

²⁰⁰ Ahaba, io mpihatsaravelatsihy tany io, namela an’i Jezebela hitondra azy, nanao ny zavatra rehetra. Ilay tena Tenin’Andriamanitra izay tonga tamin’ny alàlan’ily mpaminany, no nanozona an’io zavatra io. Ary ahoana no ahafahan’Andriamanitra hitahy an’izay efa nozonin’ily mpaminany tamin’ny Anaran’ny Tompo? Hitanareo? Tsy mety.

²⁰¹ Tsy mampaninona na firenena mpivavaka toy ny ahoana aza isika, lasa toy ny ahoana no ananantsika, lò ary lò ilay zavatra. Vita ny aminy.

²⁰² Tsy mampaninona na lehibe toy ny ahoana aza ny fiainantsika ara-rafi-pandaminana ao am-piangonana, mino an’izany isika, tsara izany, mety tsara, saingy lò ilay zavatra. Efa napetrak’Andriamanitra teo amin’ny talantalana izy ireo, ary mijanona eo izy ireo. Ary tsy nisy sombin-tantara iray mihitsy hoe nisy anankiray hany nitsangana indray. Noho izany, ratsy izany. Vita ny aminy, voafafa. Tsy tsara izany.

²⁰³ Ny Teniny foana no Tiany ho hita voamarina. Ho voamarina eo amin’ny fepetra sasany fotsiny ihany izany, izany dia rehefa mahatanteraka an’ireo fepetra ireo ianareo. Efa hitanareo ireo olona izay afaka mandray ny Tenin’Andriamanitra ary manao an’Izany ho velona ho azy ireo fotsiny izy ireo. Ary ireo hafa dia tonga avy hatrany miaraka amin’ily Teny iray ihany nefa tsy afaka manao na inona na inona amin’Izany. Misy fepetra Izany. Marina izany.

²⁰⁴ Jereo eto. Haneho aminareo ohatra iray ny amin’izany aho ao amin’ny Baiboly. Teny amin’ny lâlana ho any amin’ny tany nampanantenaina ny Isiraely. Indro tonga i Moaba, izay ilay—ilay fivavahana iray ihany, marina tokoa. Zanaky ny zanakavavin’i Lota izany. Ary mariho rehefa tonga i Balama, dia Andriamanitra no niresaka taminy. Nametraka alitara fito izy, tahaka ny Isiraely nanana alitara fito mihitsy. Nametraka fanatitra madio fito izy, ombilahy teo ambonin’ny alitara. Izany marina tokoa no nananan’ny Isiraely. Ary zavatra iray hafa, nametraka ondrilahy fito izy, miresaka ny amin’ny Mesia iray ho avy. Izany marina tokoa no nananan’ny Isiraely. Ara-pototra, dia samy marina ny azy ireo, ara-pototra. Saingy nisy fepetra izany. Amena. Diso tamin’ny fahitana an’ily tena teny fikasan’Andriamanitra izy.

²⁰⁵ Izany ilay zavatra iray ihany tamin’ny fihavian’i Kristy. Izany ilay zavatra iray ihany izay miverina amin’izao andro izao. Misy fepetra izany. Marina.

206 Joba. Andriamanitra (manao inona?) manao làlana nomanina iray. Joba, mpaminany iray, dia nila mpampionona iray.

Ankehitriny, henoy tsara ankehitriny. Lasa ny fotoako.

207 Nila mpampionona iray i Joba. Ary niezaka nanomana an'io zavatra io ho azy ny olona, nefa tsy afaka nanao an'izany izy ireo. Nampiala an'i Joba tamin'ilay laharana foana izy ireo. Fa niverina avy hatrany i Joba. Nila mpampionona iray izy. Nanomana mpampionona iray ho azy Andriamanitra, rehefa nanome azy fahitana iray ny amin'i Jesosy Kristy Izy. Dia niantsoantso izy hoe, "Fantatro fa velona ny Mpanavotra ahy. Ny Mpanavotra ahy," Anankiray ihany no misy, "ary amin'ny andro farany dia hitsangana eto ambonin'ny tany Izy." Ankehitriny tsarovy ilay fahitana.

Hoy ianareo hoe, "Ny Mpanavotra ahy."

208 Nasehony azy i Kristy. Kristy no Teny. "Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra. Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina teo anivontsika." Ary rehefa Joba, izay mpaminany iray . . .

209 Henoy ankehitriny. Joba, izay mpaminany iray, ny Tenin'ny Tompo dia tonga amin'ny (inona?) mpaminany. Tanteraka tokoa. Eo no tonga ny Teny. Tahaka an'izany no ahafantaranareo na mpaminany izy ireo na tsia. Mijanona ao amin'ny Teny izy ireo. Ny Teny dia voambara amin'ny mpaminany. Ary Joba dia mpaminany iray. Tsy afaka nahita ny farany izy, saingy rehefa nahita ny Teny izy, satria mpaminany iray, dia hoy izy hoe, "Fantatro fa velona ny Mpanavotra ahy," rehefa tsy nahomby ny fiangonana, rehefa tsy nahomby ny zavatra hafa rehetra.

210 Na dia ny vady malalany aza dia nandiso fanantenana azy, ka nila azy hilaza . . . "Nahoana ianao no tsy mandroso fotsiny ka manozona an'Andriamanitra, ary maty amin'ny fahafatesana, ry Joba?"

211 Hoy izy hoe, "Miteny tahaka ny vehivavy adala ianao. Ny Tompo no nanome; ny Tompo no naka; isaorana anie ny Anaran'ny Tompo." Ary nanomboka nierona ny kotrokorana, ary nanjelatra ny tselatra. Tonga teo amin'ilay mpaminany ny Fanahy, ary nahita ny Teny izy. Noho izany dia hoy izy hoe, "Fantatro fa velona ny Mpanavotra ahy. Amin'ny andro farany dia hitsangana eto an-tany Izy. Na dia ravan'ny kankan'ny hoditra aza ity vatana ity, dia mbola hahita an'Andriamanitra ao amin'ny nofoko aho. Amena. Izaho ihany no hahita. Ny masoko no hibanjina, fa tsy ny hafa. Tsy nitondra na inona na inona teto amin'ity izao tontolo izao ity isika, ary azo antoka fa tsy hitondra na inona na inona isika. Ny Tompo no nanome; ny Tompo no naka; isaorana anie ny Anaran'ny Tompo." Mpampionona iray toy ny inona! Nangataka mambram-piangonana iray izy; Andriamanitra manome azy fahitana iray. Nangataka

an'ilay eveka izy mba ho avy hanome fampiononana azy, ilay presbytera; Andriamanitra nanome fahitana iray an'ilay mpaminany. Izany no nilainy.

²¹² Nila lâlana iray hivoahana avy ao Egipta ny Isiraely. Nila lâlana iray izy ireo, hery ara-tafika iray na zavatra, mba hanafaka azy ireo avy eo an-tànan'ny Egiptiana. Nanomana mpaminany iray niaraka tamin'ny Teny tany am-piandohana voamarina Andriamanitra. Mosesy! Marina ve izany? Nila tafika iray izy ireo mba hitsangana ka hamoaka azy ireo, ary hikapoka an'ireo Egiptiana. Fa Andriamanitra dia nandefa ny Teny ho azy ireo, ilay mpaminany miaraka amin'ny Teny voamarina izay notenenin'Andriamanitra tamin'i Abrahama tany aloha, nanao hoe, "Ny taranakao dia hivahiny any amin'ny tany hafa. Fa hamangy azy ireo amin'ny tana mahery Aho," ny Teny izay notenenin'Andriamanitra. Niantsoantso mpanafaka iray izy ireo, fa nandefa mpaminany iray niaraka tamin'ny Teny ho azy ireo Andriamanitra. Nanana lâlana iray nomanina Andriamanitra hitenenana ny fahasamihafana eo amin'ny mpino sy ny tsi-mpino. Ary Andriamanitra . . .

²¹³ Ankehitriny, hoy ny sasany tamin'izy ireo hoe, "Eny, ankehitriny, raha milatsaka ny aretina, dia handeha hankany amin'ny hopitaly fotsiny isika. Raha ny aretina—raha sendra milatsaka ny aretina, fantatrareo ve izay hataontsika? Handeha haka an'i Dr. Jones isika. Ho fantany hoe ahoana no hikarakarana an'izany." Tsy nety izany. Kanefa, dia nanantsaina izy ireo. "Eny, raha milatsaka ny aretina, dia hidina any ambanin'ny tany fotsiny isika, ao anaty zohy iray, ary hanidy ny varavarana." Tsy hahavita soa izany na kely aza. "Hijanona ao an-trano isika, ary hametraka saron-tava eo amin'ny tarehintsika, ary—ary hametraka fanafody eo aminy." Tsy nahavita soa izany na kely aza.

²¹⁴ Nanao lâlana nomanina iray Andriamanitra. Eny. Ary izany dia (inona?) ny rà. Andriamanitra no nanomana an'izany, na dia toa tsotra aza ilay izy, maka ny ràny zanak'ondry iray ary mamafy ny varavarana. Kanefa, Andriamanitra no nilaza fa izany no Lâlany, ary Najainy izany. "Maty izay rehetra tsy teo ambanin'ny rà, ny lahimatoa."

²¹⁵ Rehefa nila lâlana nomanina iray i Noa, hamonjena ny ankohonany, dia nasain'Andriamanitra nanamboatra sambofiara iray izy. Mety ho nanamboatra sambo hala tahaka izy ireo. Izany no eritreretin'ny olona amin'izao andro izao. Saingy, hitanareo, sambo manokana io. Nanana sambo angamba izy ireo tamin'izany, mitovy amin'ny ananan'izy ireo ankehitriny, saingy sambo manokana iray ity. Izany dia ny . . . Henoy aho ankehitriny. Sambo iray namboarin'Andriamanitra izany.

²¹⁶ Ary tahaka an'izany koa ny fiangonana iray amin'izao andro

izao. Tsy maintsy fiangonana iray namboarin'ny Baiboly izany. Ny fahatsapako dia tsy ny ho ilay mpikambana tsara indrindra ao amin'ny fiangonana, fa fahatsapana iray izay namboarin'ny Tenin'Andriamanitra. “Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino.” Fahatsapana namboarin'Andriamanitra, ilay zavatra tokana izay hampiakatra ahy. Izany ilay zavatra tokana izay hampakatra anareo.

²¹⁷ Ny zavatra rehetra izay hanandratra ambonin'izany, tsy ahoako na firy ny hoe, “Tonga aho . . .” Hoy izy ireo, “Jereo, izaho—Methodista tsara iray aho, Batista, Presbyterana, na Pentekotista.” Tsy hidika na inona na inona amin'Andriamanitra izany.

²¹⁸ Tsy maintsy nampianarin'Andriamanitra izany. Ary izany dia ny Fanahy Masina, amin'ny alàlan'ny Teny. Ary ny Fanahy Masina dia tsy hampianatra mihitsy afa-tsy ny Teny, satria Izany no Fanahy Masina. Ny olona dia nohetsehina, oh, nanoratra ny Baiboly tamin'ny alàlan'ny Fanahy Masina, làlana nomanin'Andriamanitra.

²¹⁹ Ankehitriny, Isiraely dia nila fa—famatsiana iray. Ary nomen'Andriamanitra azy ireo izany, ka nanasaraka ny mpino tamin'ny tsi-mpino. Ilay zavatra iray ihany no misy amin'izao andro izao, ny mpino sy ny tsi-mpino, misaraka.

²²⁰ Mosesy, mila mandingana naoty betsaka aho ankehitriny, fa, Mosesy, mpanompon'Andriamanitra iray mahatoky!

²²¹ Henoy ankehitriny, ry an'ny andro fahiny. Ny sasany aminareo tahaka ahy, izay mandroso amin'ny taonany, henoy.

²²² Nanompo an'Andriamanitra tamim-pahatokiana i Mosesy. Nahatanty ny fifamalian'izy ireo rehetra izy, ary ireo Datana rehetra izay nitsangana ka nanao hoe, “Hono ho'aho, misy lehilahy hafa eo izay mpaminany ankoatra anao. Tsy ianao irery no vatokilonjy eo amin'ny tora-pasika.” Ary fantany fa nanana ny Hafatr'Andriamanitra ho azy ireo izy. Nitsangana ireo mpaka tahaka.

Hoy fotsiny i Mosesy hoe, “Andriamanitra, inona no azoko atao?”

²²³ Dia hoy Izy hoe, “Saraho ny tenanao. Hateliko fotsiny ilay zavatra. Ento ny tehinao, ary midira ao ka jereo hoe iza no mitsimoka. Hitanao? Hasehoko anao hoe iza no mpisorona, iza no mpaminany.”

²²⁴ Ary nanatanteraka ny asa tamim-pahatokiana i Mosesy. Noho izany rehefa antitra izy, roapolo amby zato taona dia nandeha niaraka tamin'Andriamanitra tamim-pahatokiana izy. Nandritra ireo efapolo taona rehetra tany an-efitra ireo, dia nahatanty an'ireo karazana fanenjehan'ny firenena rehetra sy ny olona, tsy ankitsahatra. Ary avy eo dia tonga amin'ny toerana iray hahafatesana ilay izy. Nila toerana iray hahafatesana izy.

Nanomana toerana iray ho azy Andriamanitra teo ambonin'ilay Vatolampy.

225 O Andriamanitra, avelao aho ho faty eo, ihany koa, eo ambonin'ilay Vatolampy. Ilay Vatolampy dia Kristy, fantatrarao. Nanomana toerana iray hahafatesan'i Mosesy Andriamanitra. Eo no tiako, izaho, tiako hahafatesana. Avelao aho ho faty ao amin'i Kristy.

226 Ary noho izany rehefa maty izy, ny vatany nandry teo, dia nila mpibata vatam-paty izy. Noho izany dia nanomana mpibata vatam-paty Andriamanitra, Anjely. Nahoana? Izy ireo no hany Tokana afaka nitondra azy tany amin'izay handehanany. Amena. Nanomana mpibata vatam-paty Andriamanitra. Marina izany.

227 Miankina amin'ny Fanahy Masina aho, eo amin'ny Teny, ny teny fikasana. Tsy hitondra anareo ho any amin'ny fandevenana goavana tsara iray. Tahaka an'izany no nataon'izy ireo tamin'ilay lehilahy manan-karena, saingy nanandratra ny masonry tao amin'ny helo izy. Hitanareo? Tsy mikasika fandevenana raitra iray. Tsy manao fahasamihafana izany. Te-haka ny lâlana nomanin'Andriamanitra aho. "Ireo izay ao amin'i Kristy no ho entin'Andriamanitra miaraka Aminy rehefa tonga Izy." Izany ilay famatsiana. Nanamboatra toerana iray hahafatesan'ny Mpaminaniny mahatoky Andriamanitra.

228 Enoka, rehefa avy nandeha niaraka tamin'Andriamanitra dimanjato taona, dia niteny taminy Andriamanitra hoe, "Enoka, tsy voatery ho faty ianao. Te-ho any an-Trano ve ianao? Manina ve ianao, ry Enoka?"

Hoy izy hoe, "Eny, Tompo. Manina aho."

229 Hoy Izy, "Efa ela ve ianao no nandeha tao amin'ny tranon'ny pesta eo io?"

Hoy izy, "Eny."

Hoy Izy, "Eny àry, manomboha mandeha fotsiny."

230 Nila tohatra iray i Enoka. Andriamanitra nanome azy làla-malalaka iray. Izany no làlan'Andriamanitra ho azy. Nanomana làla-malalaka iray ho azy, mandeha miakatra! Izy tsy... Niakatra avy hatrany izy, tahaka an'izao. Izy tsy nila nanezaka mafy, mihitsy. Nihazakazaka niakatra avy hatrany; ary ny Fanahy Masina, tao aoriany, no nampakatra azy avy hatrany. Niakatra avy hatrany teo amin'ilay làla-malalaky ny fahamasinana izy, nankao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra avy hatrany.

231 Elia, rehefa avy nanameloka ny volo tapaka sy ny tarehy miloko izy, nandritra ny fiainany rehetra, an'io Jezebela io, ilay vadin'ny filoha, izy sy ilay filoha fanta-daza tamin'izany fotoana izany, izay nanome ohatra ratsy teo anatrehan'ny vahoaka ka nanao azy rehetra ireo ho very lâlana. Ary—ary, raha ny marina, dia nihevitra izy fa izy no hany

tokana nitory an'izany. Nentiny tamin'ny fomba rehetra fotsiny ilay zavatra. Ary nahavita betsaka izy, hany ka reraka izy, ary te-hody any an-Trano izy. Ary fantany fa avy any Ambony Andriamanitra. Nila tady iray izy hiakarana, hiakarana mankany An-danitra, fa Andriamanitra nandefa kalesy iray ho azy niaraka tamin'ny soavaly roa nifatotra teo amin'izany. Izany no fomba nomanin'Andriamanitra hitondrana azy. Mety ho niandry tady iray, fa Andriamanitra nandefa kalesy iray. Izany no Làlany. Josoa . . .

²³² Ary teo amin'ny faran'ilay làlana, dia izay no fiafaran'i Elia. Nisy an'i Noa. Izany no, isan'andro, ny fiafarana.

²³³ Ankehitriny, Josoa, rehefa tonga teo amin'ny faran'ny làlana izy, nitety ny an-efitra, diniho, nila tetezana iray izy hiampitana an'i Jordana, ho any amin'ilay tany nampanantenaina. Andriamanitra . . . Izy, nila tetezana iray izy. Fa ny làlana nomanin'Andriamanitra dia hery iray, fa tsy tetezana iray. Nandefa hery iray Izy, ary nihazona an'ilay renirano Izy. Dia nandeha niampita teo amin'ny tany maina izy. Izany no làlana nomanin'Andriamanitra, fa tsy tetezana iray. Nanana Injeniera iray tsaratsara kokoa Izy. Noho izany, nandefa hery ho azy fotsiny Izy, nanosika ny rano hiverina mandra-pandehany teo amin'ny tany maina.

²³⁴ Daniela, nohon'ny amin'Andriamanitra, dia natsipy tao andavaky ny liona. Nila fefy iray izy, fa Andriamanitra nandefa Anjely iray ho azy. Hafa iray toy ny inona! Izany no làlana nomanin'Andriamanitra. Nila fefy iray izy, fa Andriamanitra nanome Anjely iray ho azy. Fefy iray tsaratsara kokoa toy ny inona! Manome anareo tsaratsara kokoa noho izay angatahanareo foana Izy, isan'andro. Eny. Nila fefy iray izy; Andriamanitra nandefa Anjely iray ho azy.

²³⁵ Ireo zanaka Hebreo, nila rano izy ireo, mba hamonoana an'io afo io. Fa Andriamanitra nandefa an'ilay Lehilahy fahefatra ho azy ireo. Izay ihany no nilain'izy ireo. Novahany ny tànan'izy ireo, ka niresaka tamin'izy ireo. Nivoaka tsy nisy fofon'afo izy ireo teo amin'izy ireo. Nila rano izy ireo; Izy nandefa an'ilay Lehilahy fahefatra.

²³⁶ Ireo olon-kendry tany Babylona, tany Inde, fantatr'izy ireo fa misy zavatra vonona hitranga. Fantatr'izy ireo fa teraka ny Mpanjaka, ary nila famantarana avaratra izy ireo. Andriamanitra nandefa kintana iray ho azy hitarika azy ireo ho any amin'ilay Mpanjaka. Hitanareo? Nandeha teo amin'ny làlana nomanin'Andriamanitra izy ireo. Azoko eritreretina fotsiny ny sasany tamin'izy ireo nanao hoe, "Hono ho'aho, ry Balthazar, fantatrao, lehilahy malaza iray ianao. Nentinao ve ny famantarana avaratrao?"

Hoy izy hoe, "Tsia."

"Eny, ahoana no hahatongavanao any?"

“Mandeha amin’ny lâlana nomanin’Andriamanitra aho.”
Izany ilay fanao.

“Ahoana no hahatongavanao any?”

“Ny lâlana nomanin’Andriamanitra.”

“Inona izany?”

²³⁷ “Io Kintana io, izay ilay izy. Izany no lâlana nomanin’Andriamanitra ho antsika.” Nila famantarana avaratra izy ireo, fa Andriamanitra nanome kintana iray ho azy ireo.

²³⁸ Nila Mpamonjy iray izao tontolo izao indray andro, fa Andriamanitra nanomana Ny Zanany. Rehefa tonga Izy, dia tsy fantatra Izy. Tsy nilaina Izy. Nilaza izy ireo fa Nila Mpamonjy iray. Fa rehefa nandefa an’Izany tamin’ny Fanaony Andriamanitra... Nangataka mpanjaka iray izy ireo; Andriamanitra nanome Zazakely iray ho azy ireo. Nila lehilahy mahery iray izy ireo hanamontsana an’i Roma. Andriamanitra nanome azy ireo Zazakely iray, nitomany tao an-tranom-biby iray. Hitanareo? Saingy izany no lâlana nomanin’Andriamanitra. Isika... Tsy tian’izy ireo izany araka ny fomba tian’Andriamanitra nandefasana azy. Tian’izy ireo ho araka ny fomba itiavan’izy ireo azy izany. Hitanareo? Koa, noho izany, dia lasa tao anatin’ny fahapotohana izy ireo satria tsy nanaiky ny Lâlany. Nisy sasany izay nanaiky.

²³⁹ Izany no toerana nahaterahan’ily Fiangonana, dia tamin’ny Pentekosta, taorian’ny nanirahan’i Jesosy azy ireo mba “Handeha any amin’izao tontolo rehetra izao ary hitory ny Filazantsara amin’ny olombelona rehetra. Izao famantarana izao no hanaraka an’ireo izay mino.” Efa niteny tamin’izy ireo an’izay hatao Izy. Niteny tamin’izy ireo mba hiakatra, ao an-tanànan’i Jerosalema, ka hiandry. Nila sata izy ireo. Nila sata iray izy ireo. Te-hanoratra fanekem-pinoana iray izy ireo. Andriamanitra nanome ny Fanahy Masina ho azy ireo. Oh! Nila anaram-piangonana iray izy ireo, fa Andriamanitra nanome Fanahy iray ho azy ireo. Fahasamihafana iray toy ny inona, toy ny ahoana no anaovan’Andriamanitra an’izany! Ny Fanahy Masina no lâlana nomanin’Andriamanitra hitarihana an’ily Fiangonana, fa tsy eveka iray. Ny Fanahy Masina, izany no, izany no satan’izy ireo. Ary nanomboka tamin’io andro io, ka hatramin’izao, dia izany no satan’ny tena zanaka rehetra nateraka indray: ny Fanahy Masina.

²⁴⁰ Ankehitriny, taorian’ny roa arivo taona, ry sakaiza... Mamarana isika. Ankehitriny, taorian’ny roa arivo taona, dia nanapa-kevitra ny olona ny hanana ny lâlany. Nanao sata iray ho an’ny tenany izy. Nanao etika iray nataon’olona ho an’ny tenany izy. Ary inona no nataony? Izany dia lasa, tamin’ny alàlan’izany, fihemorana lehibe niala tamin’ny Fahamarinana. Lasa izy ireo... Tsy fantatry ny olona izay hatao. Fanekem-pinoana, anaram-piangonana, karazana isma rehetra, fahatsapana, ka

ny rehetra dia manao hoe, “Ny Baiboly dia milaza an’*ity*.” Handray an’*ity* ampahan’Izany ity izy ireo, fa tsy handray an’*itsy* ampahan’Izany itsy. Tsy manaraka an’ilay sata izy ireo, noho izany dia verin’izy ireo ilay làlana. Ary taorian’ireo taona rehetra ireo, rehefa nanana rafi-pandaminan’ny Kristianisma sivinjato mahery samihafa isika, ka ny tsirairay avy manameloka an’ilay hafa, ary manao hoe, “*Ity* no marina, ary diso izy ireo; ary *ity* no marina, ary *itsy* no diso,” sy ny sisa. Ary tena mifanjevo ireo olona mahantra ka tsy fantatr’izy ireo hoe iza no tsara sy ratsy.

²⁴¹ Inona no ilaintsika? Mila miverina amin’ilay làlana isika, miverina amin’ilay sata. Inona no ilaintsika? Mila famantarana ara-tSoratra tena izy, marina ny amin’ny Fahamarinana isika. Ny Fahamarinan’ny Filazantsara voamarina no ilain’ilay Fiangonana amin’ity làlan’ny andro farany ity. Nampanantena Andriamanitra fa hanome azy ireo famantarana iray ho an’izao andro farany izao.

²⁴² Tsaroanareo ve rehefa niteny Jesosy ka nanao hoe, “Ny mpanjakavavin’ny atsimo dia hitsangana amin’ny andro farany, hitsangana ka hanameloka an’ity taranaka ity”? Tonga avy tany amin’ny faran’ny tany izy, mba handre ny fahendren’i Solomona. Nanana fanahin’ny fahaiza-mamantatra iray izy. Ahoana fa tena tonga avy lavitra izy, mba hahita an’io fanahin’ny fahaiza-mamantatra io! Hoy Izy hoe, “Misy lehibe noho i Solomona eto.”

²⁴³ Izy dia nilaza, ihany koa hoe, “Tahaka ny tamin’ny. . . tahaka an’i Jona mpaminany. Jona, rehefa tao an-kibon’ny trozona nandritra ny telo andro sy alina izy, toy izany koa no tsy maintsy hitoeran’ny Zanak’olona ao anatin’ny fon’ny tany, telo andro sy alina.” Ary hoy Izy hoe, “Ny taranaka ratsy fanahy sy mpijangajanga dia hitady famantarana iray.” Raha tsy io famantarana io izany, na io taranaka io, dia tsy fantatro hoe aiza no misy azy: taranaka malemy, ratsy fanahy, mandeha any ampiangonana, mpijangajanga. Nitady famantarana iray izy ireo, ary nilaza Izy fa ho azon’izy ireo izany. “Fa tahaka an’i Jona izay tao an-kibon’ny trozona nandritra ny telo andro, dia toy izany koa no hitoeran’ny Zanak’olona ao anatin’ny fon’ny tany.” Fa hisy fitsanganana iray, tahaka ny nivoahan’i Jona avy tao an-kibon’ilay trozona.

²⁴⁴ Malakia, ny toko faha-4, dia nampanantena antsika fa amin’ny andro farany, dia, “Hivoaka ny Hafatra izay hamerina ny fon’ireo zanaka ho amin’ny Finoan’ny ray, ilay Finoan’ny ray tany am-boalohany.” Nampanantena an’izany izy ireo. Nampanantena an’izany i Jesosy. Ny finoan’ireo mpino amin’ny andro farany dia hahita an’ilay famantarana Mesianika tany am-boalohany. Mariho. Raha nitsangana tamin’ny maty Izy, ary ireo fanekem-pinoana no nandroaka Azy, nandritra ireo taona rehetra ireo, ary nandà an’izany Fahamarinana izany, amin’izay fotoana izay ilay zavatra izay tsy maintsy tadiavintsika, amin’ny andro farany, dia ny fiverenana amin’ilay—ilay Finoana tany

am-boalohany, miverina amin'ny Finoan'ireo ray pentekotista voalohany.

²⁴⁵ Ary nahita ny Fitsanganany izy ireo. Ary ankehitriny isika dia mahita ny Fitsanganany, ny famantaran'ny Fitsanganany. Jona, telo andro sy alina tao an-kibon'ny trozona, ary tamin'ny andro fahatelo dia nitsangana avy tao amin'ilay trozona izy. Natsangana tamin'ny maty i Jesosy, rehefa tao an-kibony telo andro. Roa arivo taona Izy no tsy tao amin'ny fiangonana. Fa nampanantena Izy, tamin'ny alàlan'i Joela hoe, “Ny sisan'ny kijeja, dia nohanin'ny sompanga. Fa Izaho no hamerina, hoy ny Tompo, izay rehetra nohanin'ny kijeja, sy ny sompanga, sy ny koraika, sy ny sisa, tanteraka. Izaho no hamerina an'izany amin'ny andro farany.”

²⁴⁶ Hoy ilay mpaminany hoe, “Hisy Hazavana amin'ny andro hariva.” Ilay masoandro iray ihany izay mamiratra any atsinanana no mamiratra any andrefana. Izany dia ho andro iray, andro maizina iray. Nikambana izy ireo, ary nametraka fanekem-pinoana sy ny sisa. Fa amin'ny hariva dia hisy Hazavana: ilay masoandro iray ihany, ireo vokatra iray ihany, ireo famantarana iray ihany, ireo fahagagana iray ihany, ilay andro hariva.

²⁴⁷ Ahoana no Nanaporofoiny ny Tenany ho Mesia? Ankehitriny, ilay fanontaniana dia, taorian'ny roa arivo taona nanoherana mafy an'izany, dia mbola Mesia foana ve Izy? Eny, ny naha-izy Azy tamin'izany, dia hoy ny Hebreo 13:8 hoe, “Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.” Ny naha-izy Azy tamin'izany, dia tsy maintsy tsy miova Izy androany. Ahoana no Nanaporofoiny ny Tenany ho ny Mesia? Araka ny Tenin'Andriamanitra. “Satria Andriamanitra nilaza,” tamin'ny alàlan'i Mosesy hoe, “ny Tompo Andriamanitrareo dia hanangana mpaminany iray tahaka ahy.”

²⁴⁸ Izany no antony hoe ilay vehivavy teo amin'ny fantsakana, rehefa niteny taminy an'ireo fahotany Izy, “Nahoana,” hoy izy, “Tompoko, hitako fa mpaminany iray Ianao. Fantatray fa rehefa tonga ny Mesia dia Izy no hiteny aminay an'ireo zavatra ireo.”

Hoy Izy hoe, “Izaho no Izy, izay miresaka aminao.”

²⁴⁹ Nihazakazaka haingana izy ary niteny tamin'ny olona tao an-tanàna. “Avia, hijery Lehilahy iray Izay niteny tamiko an'izay nataoko. Tsy izao ve no tena Mesia?” Ary nino an'izany ny olona, satria niandry an'io famantarana Mesianika io izy ireo, efajato taona tsy nisy mpaminany iray.

²⁵⁰ Hoy Jesosy hoe, “Tahaka ny tamin'ny andron'i Lota, dia ho toy izany koa amin'ny fihavian'ny Zanak'olona,” rehefa naneho ny Tenany tao amin'ny vatan'ny nofo iray Andriamanitra, nihinana ny—ny henan'ny zanak'omby, nisotro ny ronono avy tamin'ny ombivavy, ary nipetraka teo anoloan'izy ireo. Andriamanitra, Jehovah, voaseho tao amin'ny nofo Izy, niaraka

tamin'ny Lamosiny nitodika nankany amin'ny tranolay, ary niteny an'izay noresahan'i Saraha tao anatin'ilay tranolay.

²⁵¹ “Hisy Hazavana amin'ny andro hariva.” Ny Tenin'Andriamanitra nohamarinina no famantaran'ny andro izay iainantsika. Hisy Hazavana. Ary nampanantena Izy, amin'ny alàlan'ny Malakia 4, ao amin'ny toerana maro ao amin'ny Baiboly, fa ny olon'ny andro farany dia hahita an'ilay fanehoana iray ihany izay hitan'izy ireo, satria tsy afaka manova an'izany famantarana izany Izy. Izy no nampanantena an'izany.

²⁵² Ankehitriny, nandre Azy niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra isika teo Kalvary. Nahita Azy nanao an'ireo zavatra rehetra izay Nataony isika. Nahita an'ilay Fiangonana apostolika tany amin'ny fiandohana tany isika, ahoana io Fiangonana apostolika io, ireo hetsika izay nataon'izy ireo. Nahita an'izany miverina avy hatrany ao amin'ilay Fiangonana indray isika eto amin'ny andro farany. Inona izany? Andriamanitra izany, manamarina, tahaka ny Nataony tamin'i Mosesy mihitsy, tahaka ny Nataony nandritr'ireo taona. Nanomana làlana iray Izy mba tsy ho voafitaka isika, mba hahafantatra isika. Hoy i Jesosy, ao amin'ny Jaona 14:12 hoe, “Izay mino Ahy, ireo famantarana izay Ataoko, ireo asa izay Ataoko, no hataony koa.” Ho izany ilay izy. Ankehitriny, raha maty Izy ary maty Izy, amin'izay fotoana izay dia nitsahatra ireo asa ireo. Fa raha velona indray Izy, amin'izay fotoana izay dia mitohy tahaka ny naha-izy azy ireo Asany, satria Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Mino an'izany ve ianareo?

²⁵³ Henoy. Mamelà ahy hilaza an'ity: Jesosy dia nanaporofa fa Izy no Mesia, tamin'ny alàlan'ireo famantarana ara-Baiboly ny amin'ny Mesia. Noporofoiny izany. Izany Izy. Ankehitriny, enga anie Andriamanitra hamela ahy hanaporofa ankehitriny fa mbola tsy miova foana izy. Mino an'izany ve ianareo? Noporofoiny izany. Izany Izy. Noporofoiny fa izany Izy. Enga anie aho, nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, hanaporofa fa izany Izy. Noporofoiny fa izany Izy. Ankehitriny dia ndao porofointsika fa izany Izy. Izany marina tokoa no Nampanantenainy. Izany no Nolazainy. Tahaka an'izany no Nitenenany azy. “Ary izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino.”

²⁵⁴ Inona izany? Làlana nomanin'Andriamanitra, ny làlan'ny fitsanganana. Ilay zavatra izay mitondra ny olona iray hiala amin'ny hadalany, mankany amin'ny Hazavan'ny Filazantsara; mitondra azy avy amin'ny ati-doha ara-tsaina, tahaka ny rafitra lehibe iray amin'ny milina iray, ary mampietry ny fony eo anatrehan'Andriamanitra.

²⁵⁵ “Eny,” hoy ianareo, “tena manan-tsaina io lehilahy io, Rahalahy Branham. Nahazo diplaoma efatra izy. Manana Bakalorean'ny Literatiora izy. Manana an'ity rehetra ity izy.”

Tsy ahoako izay ananany. Tsy maintsy manadino ny zavatra rehetra izay nianarany izy, mba hahafantarany an'i Kristy. Marina izany. Tsy maintsy manetry ny tenany izy ary miala lavitra amin'izay zavatra rehetra izay nataon'izao tontolo izao taminy.

²⁵⁶ Ary mianatra an'i Kristy amin'ny alàlan'ny fanetren-tena ianareo, amin'ny finoana Azy. Izao no andro hariva. Inona no nolazaiko teto, tany am-piandohana? Inona no noresahako teto? *Manaiiky Ny Làlana Nomanin'Andriamanitra Amin'Ny Andro Farany*. Ny tsirairay avy tamin'ireo lehilahy ireo, isan'andro amin'ny alàlan'ny Baiboly, amin'ny alàlan'ny natiora, dia hitantsika. . .

²⁵⁷ Ankehitriny, Andriamanitra dia tsy maka hazo iray androany, ka manao azy ho zavatra iray hafa, ary avy eo rahampitso dia manao azy ho zavatra iray hafa. Tsia. Izy dia manao, androany—androany, midina ny tsiron-kazo, rahampitso dia miverina amin'ny làlana iray hafa izy, ary amin'ny manaraka dia Asainy manala an'ilay tsiron-kazo izy ireo? Tsia.

²⁵⁸ Mijanona tsara eo amin'ny làlana Izy. Ary ny tsirairay avy amin'ireo lehilahy izay noresahantsika ireo, tamin'ny alàlan'ny Baiboly, Andriamanitra dia nijanona tsara teo amin'ny Làlany niaraka tamin'izy ireo, tamin'ny alàlan'Ny Teniny marina tokoa. Tsy nisy iray tamin'izy ireo izay tsy araka Ny Teniny marina tokoa, manerana ny Baiboly rehetra, araka Ny Teniny marina tokoa.

²⁵⁹ Noho izany rehefa milaza ianareo hoe, “Eny, araka Ny Teniny marina tokoa aho,” amin'izay fotoana izay dia manamarina an'izany ho ny Fahamarinana Izy.

²⁶⁰ Ankehitriny dia mbola eo amin'ny làlana foana Izy, izao hariva izao, raha hino an'izany fotsiny isika. Hanao an'izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.]

²⁶¹ Ndao isika hanondrika ny lohantsika. Ankehitriny, manajà arak'izay vitanareo fotsiny, vetivety.

²⁶² Làlana nomanin'Andriamanitra, mba Ahafahany mitondra an'ireo mpino mankany amin'ny Finoan'ny Fampakarana. Ny làlan'Andriamanitra, ny Làlana nomaniny, hitondra an'ireo mpino mankany amin'ny Finoan'ny Fampakarana.

²⁶³ Alohan'ny hanaovako ny antso eny amin'ny alitara, dia tiako ny hilaza an'ity. Mahatsapa ho voatarika hanao an'ity aho. Misy olona marary ve ato an-trano? Atsangano ny tanaanareo.

²⁶⁴ Hangataka anareo aho azafady mba hangina fotsiny, hipetraka tsara, iray minitra fotsiny indray. Ankehitriny, hivoaka isika afaka dimy minitra, raha tena manaja fotsiny ianareo.

²⁶⁵ Ankehitriny, hitanareo, ianareo, rehefa manelingelina ianareo, dia manelingelina olona iray.

266 Manana ny zavatra manontolo eo ambany fifehezan'ny Fanahy Masina aho. Tsy maintsy manana an'izany aho, mba hanaovana an'ity. Andriamanitra no nanao ny teny fikasana. Tsy izaho izany. Izy no nanao ny teny fikasana.

267 Ankehitriny, araka ny fantatro, dia misy olona sasany eto izay fantatro. Misy sasany izay tena tsy fantatro. Afaka mahita tokoa aho, heveriko, eo amin'ny olona efatra eo izay fantatro. Ary ny iray amin'izy ireo dia Rahalahy Williams eto, ary Rahalahy Rose. Fantatro izy ireo. Ary i Neny Sharrit dia mipetraka eo am-baravarana. Izaho, mazava ho azy, fantatro izy. Ity Ranabavy Williams mipetraka eto. Fantatro izy.

268 Ary ity ramatoa mipetraka eto ity, eo amin'ny laharana roa eto anoloako eto, miasa amin'ny fivarotan-damba izy, ary sakaizan'ny fianakaviana. Tsy fantatro ny anarany, fa mino aho fa mambra iray an'ny fiangonan-dRahalahy Outlaw any izy. Heveriko fa marina izany.

269 Ary avy eo aho dia mahita an-Rahalahy Dauch sy Ranabavy Dauch, avy any Ohio, mipetraka eto. Reko Rahalahy Sothmann, eny amin'ny farany aoriana any ho any, nanao hoe “amena,” vao teo. Mandinika aho. Saiky izay ihany no hitako sy fantatro ato.

270 Firy aminareo no marary, ary mahafantatra fa tena tsy mahafantatra anareo aho, atsangano ny tãnanareo, izay mahafantatra fa tsy mahafantatra na inona na inona momba anareo aho, atsangano ny tãnanareo. Eny àry. Manàna finoana fotsiny ankehitriny ary minoa.

271 Ankehitriny, raha niteny taminareo ny Fahamarinana aho, dia voatery Andriamanitra hanamarina an'ity Teny ity ho ny Fahamarinana. Marina ve izany? Marina izany. Ankehitriny, izany no ho làlana nomanina arak'izany, arak'izay nolazaiko izao hariva izao. Izany no làlana nomanin'Andriamanitra mba hiteny aminareo hoe, “*Ity* no Fahamarinana.”

272 Satria, ny olona rehetra dia mahafantatra fa tsy azo atao tanteraka izany. Ho fahagagana iray tsy azon'ny siansa hazavaina izany. Tsy afaka manazava fahagagana iray ianareo. Any ankoatry ny fanazavana izany. Ary raha hiteny Andriamanitra ato, izao hariva izao, amin'ny olona iray izay hahafantatra fa vahiny amin'izy ireo aho, ary hiteny amin'izy ireo an'izay nataony, na izay tsy tokony nataony, na izay hataony, na izay tokony hataony, na zavatra hafa, tahaka ny nataon'i Jesosy mihitsy fony Izy teto an-tany. Nampahafantatra ny Tenany tamin'ny besinimaro Izy fa izany no famantarana Mesianika. Firy no mahafantatra an'izany, manaova hoe, “Amena.” [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.] Noho izany, dia mino an'izany ny fiangonana. Izany no làlana tokana. Ny olona, rehefa nanao an'izany Izy, izy ireo . . .

273 Nikasika ny sisin'ny Lambany ilay vehivavy. Nitodika Izy, nanao hoe, “Iza no nikasika Ahy?” Ara-batana, dia tsy nahatsapa azy Izy, fa ny finoany no nanao an'izany.

274 Ankehitriny, afaka manana an'izany karazana finoana izany ianareo raha hivavaka fotsiny ka hanao hoe, “Tompo Jesosy, esory amiko ny fisalasalana rehetra. Esory ireo fisalasalako, ary avelao aho hino an'izany. Tena manana ilaina lalina tokoa aho. Ary tonga aho, izao hariva izao, satria ny Baiboly dia milaza fa Jesosy Kristy no Mpisoronabe izay azo kasihan'ny fahatsapan'ny fahalementsika.”

275 Fantatrareo ve fa, io famantarana io, io fahagagana io, dia tsy mbola natao teo amin'ny tantara hatramin'ny fahafatesan'ilay apostoly farany? Marina izany. Vao avy nahavaky aho an'ireo—ireo . . . ireo bokin'ny tantara rehetra izay fantatro, *Babylons* an'i Hislop. Voavakiko ny *Foxe's Book of the Martyrs*. Voavakiko ireo maopera talohan'ny Nicée, ny Fivoriamben'i Nicée, ary ny taorian'ny Nicée. Voavakiko ireo boky rehetra ireo. Tsy nisy toerana iray nahitako an'izany, tao amin'ny tantaran'i Martin Luther, John Wesley, ny fifohazana voalohany, ny fifohazan'i Pays de Galles. Nitomany izy ireo, nihiakiaka, nidera an'Andriamanitra, farany dia tonga tao amin'ny fitenenana tamin'ny fiteny tsy fantatra. Noho izany dia ity no tokony ho ilay famantarana farany. Izany no zavatra farany izay hitan'i Sodoma talohan'ny nandoroana azy.

276 Ary tsarovy, tsy nanambara an'izany tamin'i Sodoma Izy. Nambarany tamin'i Abrahama izany, ilay nofidiana sy voafidy. Ary ny fanomezam-pahasoavana dia tsy mandeha mankany amin'ireo fiangonan'izao tontolo izao any, raha mahamarika ianareo. Mandeha mankany amin'ilay Fiangonana voafidy izany. Izany ireo izay mahazo tombony amin'izany. Izy ireo no handray an'izany.

277 Raha natao tany izany, dia ho nilaza an'ireo zavatra iray ihany izay nolazainy izy ireo fony Izy nanatanteraka an'izany hoe, “Belzeboba Izy, mpanao hatsarana.” Ary ny olona rehetra izay mahafantatra mikasika ny mpanao hatsarana, dia mahafantatra fa izany dia—zavatra adala iray ho lazaina mihitsy aza izany. Tsy fantatr'izy ireo ny fitsipika voalohany an'ny fifandraisana ara-tsaina na fanaovana hatsarana. Asan'ny devoly izany, miezaka maka tahaka ny asan'Andriamanitra.

278 Maneho mpaminany iray Andriamanitra; manana mpanelanelana iray ny devoly. Tena mifanakaiky izy roa. Nilaza i Jesosy fa saiky hamitaka an'ilay Voafidy izany, raha azo atao. Marina izany. Isika dia manana betsaka—fakan-tahaka betsaka. Hoy Izy hoe, “Tahaka ny nanoheran'i Jambra sy i Jana an'i Mosesy, dia ho toy izany koa no hanoheran'ireo olona maloto saina ireo, nolavina ny amin'ny Fahamarinana. Fa ho voaseho ny hadalany.”

279 Ankehitriny, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra, dia raisiko eo ambany fifehezako ity mpanatrika ity, saingy ho an'ny Fanahy Masina, amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy.

280 Mangataka anareo aho, amin'ny maha-mpino, aza mandehandeha ianareo. Mipetraha tsara. Ary mino ianareo fa Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay, ka eto aho mba hampahafantatra an'ireo Asany sy ireo Lālany.

281 Tena niasalasa aho mikasika an'ireo zavatra ireo, ireo dimy ambin'ny folo, enina ambin'ny folo taona naha-teo amin'ny saha ahy. Saingy ho avy ny ora iray ankehitriny izay misy zavatra vonona ny hiseho. Handeha any amin'ny firenena iray hafa ny Hafatra, vahoaka iray hafa. Fa raha mbola eo amin'ny Fanatrehan'Ny Tenany Masina isika . . . Ilay Fiangonana eto Amerika, mino aho, dia efa saiky voantso nivoaka mihitsy. Vita Izy, voasasa Izy, vonona Izy, ilay tena Fiangonana. Mbola mitohy foana ny fihatsarambelatsihy. Fa ilay Fiangonana marina dia Fiangonana marina iray, eo am-panombohana, ilay nateraka indray, ilay voafidy mialoha ho amin'ny antson'Andriamanitra.

282 Raha mino amin'ny fonareo rehetra ianareo, dia mangataka anareo aho mba hivavaka ka hanao hoe, “Tampo Jesosy,” ao am-ponareo, “avelao aho hikasika ny Lambanao. Ary ahoana no hahafantarako fa mbola ilay Mpisoronabe foana Ianao? Mitenena amiko amin'ny alàlan'ireo molotr'i Rahalahy Branham. Ary raha niteny tamiko ny Fahamarinana izy, izay, inoako fa niteny izy.”

283 Aoka hahazo antoka hanonona an'izany ao amin'ny vavakareo, satria Izy no niteny tamiko hoe, “Raha mitondra ny olona hino anao ianao.” Izany ilay tokana . . . ianareo . . . Tsy afaka nanao asa lehibe maro Izy, satria tsy nino Azy izy ireo. Aza mino ahy ho Izy, fa minoa fa Izy no naniraka ahy. Ary eto aho haneho Azy. Noporofoiny fa nisy Izy. Enga anie Andriamanitra hanampy ahy hanaporofa fa nitsangana tamin'ny maty Izy, ilay Mesia, tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.

284 Aoka ho ao amin'ny vavaka fotsiny ankehitriny. Mandinika aho ary miandry. Mivavaha fotsiny. Ary raha hanaiky an'izany ny Tompo, ka hanaporofa aminareo fa izany no famantaran'ny andro farany, dia handeha ao amin'ny Hazavana ve ianareo? Hino Azy ve ianareo, hanana finoana Azy? Tsy mizaha tavan'olona Izy. Manàna finoana fotsiny, hatrany foana, hatraiza hatraiza. Ankehitriny, raha mbola manondrika ny lohanareo ianareo, dia misaotra ny Tompo aho.

285 Eto ilay Hazavana izay hitanareo eo amin'ny sary. Ato amin'ity efitra ity mihitsy Izy ankehitriny. Ary hitako mihitsy Izany eo anilan'ny vehivavy iray izay mipetraka eto ankavanako. Mivavaka ho an'ny zanakalahy iray izay ao anatin'ny olana izy. Aza misalasala fotsiny. Manàna finoana.

286 Eto ankaviako dia misy vehivavy iray, ary matahotra izy. Matahotra izy fa hoe tratry ny homamiadana izy. Tena ketraka mafy izy mikasika an'izany. Manantena aho fa tsy ho diso an'izany izy. Ilay vehivavy dia efa nanandrana, nandritra ny ela be, hitady ny lâlany. Matahotra izy. Tsy avy eto izy. Avy any amin'ny tanàna iray hafa izy. Ary ilay tanàna dia tanàna kely noho ity, na dia any atsimo avy eto aza no misy azy. Eo amin'ny ilan'ny tendrombohitra iray izany. Tucson izany. Ny anaran'ilay ramatoa dia Rtoa. Bach. Mino ve ianao? Hanaiky ny fahasitrananao ve ianao? Eny àry. Aza matahotra an'izany intsony. Ny finoanao no manao anao ho salama.

287 Ramatoa iray amin'ny anarana hoe Rtoa. Hushey. Aza adino. Afaka manaporofa Andriamanitra fa tsy manan-tsiny io zanakalahy io, raha hino amin'ny fonao rehetra ianao. Aza misalasala. Manàna finoana. Minoa.

288 Vehivavy mipetraka eto amin'ny ilany amin'ny ankavanako, mijaly amin'ny aretim-po izy. Ny anarany dia Rtoa. Cloud. Raha hino amin'ny fonao rehetra ianao, hanaiky ny fahasitrananao, dia hanao anao ho salama ilay Andriamanitra Tsitoha. Hino an'izany ve ianao? Eny àry. Minoa amin'ny fonao rehetra.

289 Ramatoa iray eto aoriana eto amin'ny ankavanako, eo amin'ny laharana ankavanana, manao akanjo mainty. Rtoa. Yates, minoa amin'ny fonao rehetra, dia hiala aminao ny aretin-damosinao. Oh, oadray!

290 Tia Azy ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Mino Azy ve ianareo? ["Amena."] Izy ve no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay? ["Amena."] Ankehitriny, raha manaporofa an'izany Izy, ka hitanareo fa marina izany, ary ireo olona ireo dia hanambara fa tsy mbola nahita azy ireo mihitsy aho teo amin'ny fiainako.

291 Fa, jereo, ankehitriny, raha handray ny teniko ny amin'izay lazaiko ianareo, raha hino amin'ny fonareo rehetra ianareo ka hifametra-tànana, dia ho sitrana ianareo raha hino an'izany fotsiny amin'ny fonareo rehetra. Izany no famantaran'ny andro farany.

292 Ankehitriny dia mifametraha tànana ianareo, ianareo izay hifampivavaka. Raha mpanota iray ianareo, dia iaikeo ny fahotanareo. Raha mpiverin-dàlana iray ianareo, dia miaike fa diso ianareo. Raha marary ianareo, dia miaike fa te-ho sitrana ianareo, ka manaova hoe, "Mino Anao aho, Andriamanitra."

293 Ankehitriny, tsy nilaza mihitsy ny Baiboly hoe, "Ny vavak'i William Branham fotsiny no hanao an'izany." Fa hoy Izy hoe, "Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino. Raha mametraka ny tànany amin'ny marary izy ireo, dia ho sitrana ireny." Mino an'izany ve ianareo?

294 Ankehitriny, impiry, hafiriana no efa niarahako taminareo, ry Phoenix? Fito ambin'ny folo taona teo izao, no nahatongavako

teto. Efa mba nisy fotoana iray ve nahitanareo an'izany voaporofy ho diso? Tsy efa arak'izay nitenenan'ny Fanahy Masina azy marina tokoa foana ve ilay izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Tamin'ireo an'aliny, sy tamin'ireo fotoana marobe; impiry nanerana an'izao tontolo izao, avy amin'ny firenena rehetra, sy foko, sy fiteny, ary olona; dia Jesosy Kristy izany, fa tsy ny rahalahinareo. Ary manonona Ny Teniny aminareo aho. "Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino. Raha mametraka ny tñany amin'ny marary izy ireo, dia ho sitrana ireny."

²⁹⁵ Ankehitriny apetraho eo amin'ny olona iray ny tñanareo ka mivavaha ho azy ireo. Ianareo aza...Aza mivavaka ho an'ny tenanareo ankehitriny, satria mivavaka ho anareo izy ireo. Mivavaha ho azy ireo. Ary ankehitriny dia ndao isika hanondrika ny lohantsika ao amin'ny Fanatrehana mendrika an'i Jesosy Kristy, Izay manaporofy ny Tenany ho eo anivontsika. Ankehitriny, Izy no Andriamanitrareo, mitovy amin'ny maha-Andriamanitra Azy. Ankehitriny dia mivavaha tahaka ny ataonareo ao amin'ny fiangonanareo. Mivavaha ho an'ilay olona mametraka ny tñany eo aminareo. Mivavaha ho azy ireo, ary minoa an'Andriamanitra.

²⁹⁶ Iaieo ny fahotanareo, manaova hoe, "Diso aho, Tompo. Mpisalasalala aho; tsy ho izany intsony aho. Mino aho izao ankehitriny izao fa hanasitrana ahy Ianao."

²⁹⁷ "Sitrano ity olona ity, Tompo. Sitrano ity vehivavy ity. Sitrano ity lehilahy ity. Sitrano ity vehivavy ity. Sitrano ilay zazakely. Sitrano ilay tovovavy, ilay tovolahy."

²⁹⁸ O Tompo Andriamanitra, Mpamorona ny lanitra sy ny tany, ahoana no ahafahanay hipetraka eto, Tompo? Tokony hitondra Finoan'ny Fampakarana izao, herin'Andriamanitra izay hitondra an'ity mpanatrika rehetra ity, Tompo, ho any amin'ny haavo avo kokoa, sy ny voninahitr'Andriamanitra.

²⁹⁹ Aoka ny devoly, izay namatotra an'ireto olona ireto, hamotsotra azy ireo; eo amin'ny—ny teny fikasan'Andriamanitra izay inoako, eo amin'ny Baiboly izay ampianariko, eo amin'ilay Andriamanitra Izay manaporofy fa ny Baiboly, no manaporofy fa Izy no Andriamanitra ny Baiboly. Taorian'ny roa arivo taona, dia mbola velona eto anivonay foana Izy izao hariva izao, nitsangana tamin'ny maty, ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Eo amin'ny fototry Ny Rany nalatsaka, sy Ny Tenany velona, ny Fanatrehany, taorian'ny roa arivo taona, dia mihaika ny devoly aho miaraka amin'ny fanahiny tsy manan-kery rehetra an'ny aretina sy rofy, avotsory ireto olona ireto, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Mivoaha avy ao amin'izy ireo, mba ahafahan'izy ireo handeha malalaka. Avotsory io mpanota io. Avotsory io mpiverin-dālana io. Avotsory io lehilahy na vehivavy marary io. Mitaky ny fanasitranan'izy ireo aho, ny famonjen'izy ireo,

amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra. Avelao izy ireo, ianao fanahy maloto, ratsy, tsy madio an'ny tsi-finoana sy fisalasalana. Mialà amin'ity fiangonana ity, amin'ity andian'olona ity, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

³⁰⁰ Mino aho. Mino aho fa efa nivavahana ny vavaky ny finoana. Tiako ianareo hanao zavatra iray ankehitriny. Eo amin'izay misy anareo mihitsy, mandete ha tsatòka iray ao an-tsainareo hoe, “Eto amin'ity seza ity mihitsy, izao hariva izao, rehefa nitsangana aho ka nandre ny Teny, dia nahita an'Andriamanitra nanamarina Ny Teniny, manaporofa fa marina Izany, efa nivavahana ho ahy ny vavaky ny finoana. Raha mbola hanandrana hiteny amiko indray ny devoly fa marary aho, na zavatra tsy mety, dia haveriko eto amin'ity tsatòka ity mihitsy izy. Efa nivavahana ho ahy ny vavaky ny finoana izao ankehitriny izao, ary voavonjy afaka amin'ny aretiko aho. Voavonjy afaka amin'ny fahotako aho. Zanak'Andriamanitra aho, ary tsy hanaiky ny laingan'ny devoly intsony aho. Mpanompon'Andriamanitra afaka aho.” Amena. Hanao an'izany ve ianareo? Manaova hoe, “Amena.” [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.] Atsangano ny tãnanareo ka manaova hoe, “Mino an'izany aho.” [“Mino an'izany aho.”] Amena. Amena.

³⁰¹ Ho ahy, dia milamina hatreo izany. Vita ny asa. Tapitra ny rehetra. Andriamanitra no niteny an'izany, ary izany no manaporofa an'ilay izy. Ahoana no Ahafahany hanao zavatra hafa afa-tsy ny manamarina Ny Teniny? Raha hanamarina an'Izany amiko Izy, dia afaka manamarina an'Izany ho anareo Izy. Mino an'izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.] Eny àry.

³⁰² Ndao isika hitsangana ka hidera Azy, arak'izany, hanome Azy ny dera sy ny voninahitra rehetra. Amena. Eny àry. Voninahitra ho an'Andriamanitra!

³⁰³ Misaotra Anao, Tompo Jesosy. Tianay Ianao. Midera Anao izahay. Manaiky an'ireo zavatra ireo izahay. Mino izahay fa Hataonao ho anay izany ankehitriny. Ianao no Mpamonjy anay. Ianao no Mpanasitrana anay, ary tianay Ianao ny amin'izany. Isaorana anie ny Anaran'ny Tompo, mandrakizay. Raiso ireto olona ireto, Tompo, ary aoka izy ireo ho Mpanomponao manomboka izao, amin'ny alàlan'ny Anaran'i Jesosy.

Andriamanitra hitahy anareo. 

63-0115 Manaiky Ny Làlana
Nomanin'Andriamanitra Amin'Ny Andro Farany
Church Of All Nations
Phoenix, Arizona U.S.A.

MALAGASY

©2024 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. Box 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-
printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy
misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy
Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy
lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba
nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho
fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny
Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo
raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS

P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.

www.branham.org